

CB

INONA NO FOMBA ATAO MBA HIVELARANA SY HO VOATAHY EO AMIN'NY ASA

SASINTENY

Tian'Andriamanitra ny asa, mandrindra, manome haja ary mitahy an'izany Izy. Ny zavatra ezahina atolotra ao anatin'ity fandalinana tsotra ity, dia torohevitra pratika, mikasika lohahevitra iray tsy dia be mpiresaka loatra : NY ASA .Famahavahana sy fanoritsoritana an'izany; araka izay voalaza ao amin'ny Baiboly. Mamporisika ny hampitomboana izay talenta hananantsika, hikendry ny hatsara; ho sahy hanaraka ny 'kajin'Andriamanitra' . Hiresahana hiany koa ny lanjan'ireo 'zavatra bitika' toy ny : fahaiza- mandray olona, ny hatsaram-panahy, ny fanajana ; mampiseho ny tombony azo @ fiasana isan-dingana ,ny fahaizana miala sasatra ary ny fanolorana asa voakaly hoan'ny fiaraha-monina.

Mamporisika antsika hiala @ fisainana « tefy-maika », ka hiditra @ drafitra sy sori-dalana izay efa novolavolain'Andriamanitra hoan'ny tsirairay avy; hahatonga antsika ho mpiara-miasa Aminy.

p.1

RAKIPOHY

-Fampidirana

-Inona ny fomba atao mba hivelarana eo @ asa ?

- 1.Manangana toe-tsaina vaovao.
- 2.Ampitomboy izay talenta nomena anao.
- 3.Katsaho ny hatsara/lavorary
- 4.Mahaiza mahafoy sy manome.
- 5.Manaova ny marina.
- 6.Aoka ho mahatoky na dia @ zavatra kely aza.
7. Lavo ny hakamoana; Nekeo kosa ny fiatoana/fialan-tsasatra.
- 8.Halaviro ny toe-tsaina 'mpikarama an'ady'.
- 9.Hialao ny toe-tsaina 'tefy maika'.
- 10.Vitao hatramin'ny farany izay tokony hatao.

p.2

FAMPIDIRANA

Aminao ; marina sa diso ireto fihevitra manaraka ireto ?

- | | |
|---|-------------|
| -Ny asa dia vokatry ny fahotana | marina/diso |
| -Ny asa dia sazy tsy maintsy efaina raha te hahazo ny lanitra | marina/diso |
| -Arakaraky ny tsy hiasana no maha-mety | marina/diso |
| -Tanjona ny ala-voly/fialana sasatra | marina/diso |

-Tsy manam-potoana hanompoana an'Andriamanitra aho

Sady fahavalo ny fotoana

marina/diso

In -200 voasoratra ,eo ho eo, ao anaty baiboly ny teny : asa .Tsy tafiditra ao anatin'izany ireo voambolana mitovy hevitra aminy toy ny hoe :anton'asa,fanompoana,fivelomana,andraikitra na ministera.

Misy amin'ireo mpiray firenena no manana fiheverana fa ny Soratra Masina dia boky 'litorjika',ilaina @ fotoam-pivavahana sy ho amin'ny fiainana mandrakizay fotsiny.Mety ho diso izany satria ;ny hafatra ao anatin'ny dia ilaina sady mahomby ho an'ny lehilahy/vehivavy ;mpandraharaha,minisitra, mpiasan'ny banky,mpanabe,mpikarakara tokantrano,na koa mpampiasa herin-tsandry. Raha ny asa no resahina ;manan-kambara maro mikasika ,azy ireny Andriamanitra.

Ny zavatra tiana hatao @ ity, dia tsy ny hitondrana valiny fotsiny ihany; @ fanontaniana mikasika ny asa; fa indrindra hanoritra ireo foto-pototra manokana (principes spécifiques), mahakasika ny asa amin'ny ankapobeny.

Ao @ Testamenta Taloha, ny teny hoe: asa dia nampiasaina mihoatry ny120 amin'ny lafiny tsara, raha in-22 no nampiasana azy amin'ny lafiny mi-iba. Ao @ Testamenta Vaovao kosa dia ;ampiasaina in 41/43 izy amin'ny lafiny tsara.

AHOANA NO HAHAFAHANA MILAZA FA TSY OZONA NY ASA?

a/ Andriamanitra ,Izy tenany aza , miasa .

Hatrany amboalohany (Genesisy/Genezy) dia hitantsika Andriamanitra(Ray ,Zanaka,Fanahy Masina) eo amperinasa.Mamorona,mandinika,mandrindra ny fisian'ireo kintana marobe,nitso-drano ny trondro sy ny vorona Izy ary, namorona ny olona ,lehilahy sy ny vehivavy , sahala amin'ny endriny. Tsy naniraka arkanjely Izy hanao izany ,na nivavaka. Tsy nanao toy ny fanaon'ny mpanao majia, mampiasa hazo kely fa..... niasa.

Ary rehefa vita izany, dia niala sasatra tamin'ireo asany rehetra.

b/Talohan'ny nidiran'ny ota dia efa

niasa ny olombelona.

Ao @ Gen 2 :15,19 no ahitantsika fa

« Jehovah Andriamanitra nitondra an-dralehilahy ka namponina azy tao amin'ny saha Edena,hiasa sy hitandrina azy . » Nanao asa roa(2) izany i Adama tany Edena : namboly sy niambina.

Nankinin'Andriamanitra taminy koa ; ny fanomezana anarana tsirairay ireo biby rehetra (asa ara-tsaina) ,notaritiny ho eo anatrehany mba ahitany ny fomba hiantsoany azy.

d/Ao amin'ny Oha. 31, dia ahitana fa mitondra fivelarana sy fahafaham-po hoan'ny vehivavy ny asa.

Mandrindra,mampianatra,mamboly,mividy sy mivarotra ary ,nahita tombom-barotra tamin'izany , manome ny mahantra,manamboatra fitafiana sy firakotra ,manara-maso ny tranony . Reraka noho izany ve izy?

Tsia, ireo zanany dia nilaza fa «faly izy »,ary ny vadiny midera azy .Mifaly @asan'ny tanany izy ary ny zava-bitany manome voninahitra an'Andriamanitra eo imason'ny tanàna sy ny mpiara-monina.

e/Nandritry ny nandalovany tety an-tany ka mandraka anio ,dia miasa i Jesoa Kristy.

Mety ho

azony natao ny nijanona tany an-danitra; dia nivavaka. Mety ho azony natao koa ,ny ni tranga tao anaty fisehoana, @ olona voafidy sasantsasany na ,miteny amin'ny olombelona rehetra eo ambony lampihazo vahan-danitraTsy vitan'ny hoe tonga nofo ilay Teny ,mba ho fantsihana eo @ hazo fijaliana ,fa, farafaha keliny nandritry ny 15 taona izy dia niasa toy ny mpandrafitra(Mark6 :3) . Avy eo izy nanao asam-

pitandremana mandehandeha ,notronin'ireo mpianany izay 'nisy toetra' indraindray. Na teo aza izany,tsy nahaketraka ny fanoloran-tenany izany. Taona vitsivitsy taty aorian'ny nanaova ny fitsidiham-paritra maro, afaka niteny tamin'ireo mpianany Kristy hoe : «Mifan katiava ianareo ,sahala amin'ny nitiavako

anareo ! »(Jaona 15 :12) Mbola nanamafy koa izy hoe: « Miasa ny Raiko.Izaho koa dia miasa ...»(Jaona 5 :17). Anisan'ny tombony lehibe hoan'ny mpino kristianina ; ny fananany Andriamanitra mandeha eo

anolony ary manantanteraka zavatra noteneniny. Eny fa, na dia, taty aorian'ny niakaran'i Kristy aza dia nitohy hatrany ny asany: « Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara niasa taminy ka nana marina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy . »(Marka 16:20)

f /Niasa tamin-kafanam-po ireo apostoly ary,miantso antsika hanaraka ny nataony.

Na ,

i Petera/Simona,izay nanasitrana marary maro tamin'ny fandalovany ,na i Paoly izay ,na ny mosa rany aza nampanositra ny demonia ;dia mety ho afaka nieritreritra ho afaka tsy miasa .Mety ho afa ka nialotra anaram-boninahitra mihedinedina toy ny hoe : « Prézida mpanangana ny Misiona Eranta nin' i Kristy» arahana emboka sy fanompoana toy ny mpanjaka kely ! Ny mifanohitra amin' izany no nataony,satria nijanona ho mpanompo sy modely hoan'ny rehetra izy (1 Petera 5 :3) Paoly kosa oha tra dia nivelona matetika tamin'ny -asa fanamboarana tanty- ary nanamafy izy mikasika ny fanom poany fa : « Miara miasa @Andriamanitra izahay »(2 Kor.6 :1). Nanoratra hoan'ny Kolosianina koa izy hoe: «Ary ny hahatanteraka izany no ikelezako aina koa sy iezahako fatratra araka ny fiasan'ny herin'llay miasa mahery ato amiko »(Kol.1 :29).

g/Andriamanitra ve tsy efa nanzona ny

asan'ny olombelona ?

Mety hisy hiteny isika hoe ; Andriamanitra ary ve

tsy efa nanasazy ny olona ,tamin'ny nanaovany ny tany ho sarotra vokarina,ary ny fiterahan'ny vehivavy hanaintaina ?Hilana fahamailoana ny tsy ampifangaroana ny : tany lonaka sy ny asa ; sahala @ ny tsy tokony ampifandraisana ny fiterahana sy ny zaza kely ka ; hamoahana tsoa-kevitra fa nozonin'Andriamanitra koa ny zaza.

Misinda ny ahiahy farany mikasika ny asa, raha mamaky ny baiboly(Gen.8 :20-21) « Ary Noa dia nanorina alitara ho an' Jehovah ary ny biby madio rehetra (...) dia nalainy ka nataony fanatitra ho dorana teo ambonin'ny alitara. Dia nandre ny hanitra ankasitrahana Jehovah ka hoy Izy tam-pony : tsy mba hanzona ny tany intsony noho ny @olona Aho(...)

(Deo.28: 1,8,11-12) Ary farany, naniraka ny Teniny Andriamanitra mba hahazoan'ireo izay manaraka ny Teniny hahazo fanambinana @asa rehetra ataony : « Raha mihaino tsara ny feon'i Jehovah Andriamanitrao ianao (...) dia handidy ny fitahiany ho aminao Jehovah@ fitoeram-barinao sy izay rehetra ataon'ny tãnanao, ka hitahy anao lzy(...) ary hataon'i Jehovah manana amby ampy izay hahasoa anao , dia ny ateraky ny kibonao sy ny ateraky ny biby fiompinao ary ny vokatry ny taninao (...) Hovohan'i Jehovah ho anao ny lanitra , tranon'ny fitehirizan-tsoa , handatsahany ranonorana @ taninao amin'ny fotoany sy hitahiany ny asan'ny tãnanao rehetra »

Inona moa no antony , mahatonga ilay ratsy hiezaka , hanery antsika hihevitra fa ; ny asa dia vokatry ny fahotana ary , ozona tsy maintsy efaina ; alohan'ny andehanana mankany an-danitra ? Faniriany ny ahapotika ny risim-pontsika, mba ahatonga antsika ho 'mpiasa ratsy 'na 'tsy mahomby' ; izany hoe : tsy manome voninahitra an'Andriamanitra .

Ho jeren-tsika ao aoriana kely ny mikasika ny fialana sasatra sy ny fitantanana ny fotoana. Na izany aza mety ho efa azon-tsika sahadry fa; araka ny Soratra Masina dia diso ireo filazana 5; napetraka ho fanontaniana tary aloha.

- Ny asa dia sehatra anankiray, ahafahana miara-miasa @ Andriamanitra. Tsy vitan'ny hoe ny asan-tsika ihany no takany fa, na ireo asa manokana, asam-pianakaviana sy izay fanampiny rehetra.

- Ety an-tany, tahaka ny any an-danitra; ny asa dia fototry ny famoronana sy fivelarana.

- Ny hakamoana sy fidonanam-poana dia miteraka fiainana matsatso sy ory.

- Ny ala-voly sy fialana sasatra dia sarobidy; nefa fitaovana fotsiny ihany ireny fa tsy tanjona.

- Mpanompo tsara ny fotoana ary, mpanampy ho an'ireo izay te hiditra @ lalan'Andriamanitra izy.

Tian'Andriamanitra ny asa, mandrindra , manome haja sy mitahy an'izany Izy. « Fa fananana soa ho an'ny olona ny zoto » (Oha.12 : 27 b)

RAHA TE HIVELATRA EO AMIN'NY ASA DIA INONA NO ATAO ?

1 ./ Manangàna toe-tsaina vaovao .

Ampaham-potoana betsaka no ampiasain-tsika, mandritry ny andro hoan'ny asa ataontsika. Ny fano lorantsika an'izany ho eo antànanan'Andriamanitra, dia mety hahatonga an'izany ho'antso', fahazava na sy hitondra hasiny eo anivon'ny fiaraha monina, izay tsy manam-pitokiana, mahihitra ary mikaroka olona tena mpanangana marina.

Tsy fandanium-potoana ve ny asa "laika"?

Misy ny mpino no mihevitra /manamelo-tena, noho ny asa 'laika'izay ataony ka heveriny ho toy ny kapok'Andriamanitra. Mahatonga azy ireo hiteny amin'ny mpanompon' Andriamanitra hoe: "Sambatra ianareo, mpitory ny Filazantsara; manao asa 'misy dikany', ny ahy ny fiainako; tsy dia hitako izay hilazana azy. Ny asako? Tsy dia tiako. Ataoko ihany izy, mba ahafahako mandoa ny faktiora amin'ny faran'ny volana. Soa ihany fa ,eo n y fotoam-pivavahana, ny vondrom-bavaka na ny vondron'ny mpidera mba hanome lanjany ny herinandro". Rehefa mandre teny toy izany aho; hoy ny mpanompon' Andriamanitra CB ,dia marary ny foko. Be loatra ny sanda ara-panahy omentsika ny "asam-panompoana mati hanina", ka zary mampisalasala sy hamavoin-tsika, ny asa natolotr'Andriamanitra hataontsika. Lasa tsy maharesy lahatra ka manjary asa-maty eo imasontsika izy. Ao indray ireo, mihevitra mangina fa; ny mpino tanora, raha tena olom-panahy (spirituel) dia tokony ho lasa pretra ,mpitandrina, relijiozy na evanjelisitra. Ny tsy fahampian'izany no mahatonga azy ho lasa fakitera na mpanao mofo ets... Araka izany fomba fijery izany, raha misy olona 200 ao anaty fiaraha monina iray; ny olona telo(3) na efatra(4) miasa hoan'Andriamanitra ,fa ny ambiny kosa heve rina fa miasa hoan'izao tontolo izao. Manimba toetsain'ny mpino marobe izany hevi-diso izany, ary manamatroka ny fiainany. Tonga angamba ny fotoana, tokony hitenenana an-karihary izay noheverin'ny maro tao @mangi ngina. Ny fiatrehana mivantana izany olona izany; dia hamela ny fahamarinana ara-baiboly, hitondra fifaliana sy fahafahana hoan'ny olona @sokajin'asa rehetra. Tsy nanao hadisoana Andriamanitra raha nanao/naniraka ny 90% na mihoatra @kristianina ho fanilo hoan'ny fiaraha-monina misy azy avy amin'ny alalan'ny asa ataony. Ny injeniera izay miasa hoan'ny Voninahiny, dia mitovy lenta @ mpito ry teny eo imasony. Ny mpanao mofo na mpitsabo mpanampy izay miasa hoan'ny Voninahiny dia ilain ' Andriamanitra toy ny pretra na pasitera. (NB Tsy manala ny lanjan'ireo ministera izany; pretra, pasitera ,relijiozy ets (Efes.4:11) na ny hasin'ny fiantsoana (Asa.13.2) ,fa kosa manipika fa -ireo rehetra- mandeha miaraka @Kristy dia isan'ny Fanjakany (Apok.5:10).) Afaka manova ny asantsika I Kristy (raha tiany izany), nefa koa ;afaka manome an'izany fahalehibeaza na manokana izy. Ny fahagagana ataon'Andriamanitra ,matetika, dia fiovana toe-tsaina fa tsy fiova na asa.

Mety tsy noheverintsika fa ny FANJAKAN'ANDRIAMANITRA dia mihitatra lavitra amin'ny alalan'ny ASAN'NY LAIKA .

Nandritry ny fivoriana anankiray natao tany Manille (Phillipines), nandraisana tompon'andraikitra 4000 anjara ,avy amina firenena 180 samihafa; raha nanontany ny mpitarika iray nanao hoe: "Iza aminareo no nahalala an'I Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny evanjelisitra, pretra, pasitera na misionera?"

Nitsanga ny olona efa-jato (400). Nanohy ny fanontaniana ilay mpitarika avy eo: "Firy aminanero kosa no nahalala ny Tompo avy @ alalan'ireo laika tsy manana ministera manokana?" Nitsanga ny ambiny; izany hoe 3600 olona. Sivy amin'ny olona folo (9/10) izay mpivory avy amina kaontinanta samihafa fihaviana izany, no nanamafy fa nahafantatra ny famonjen'I Kristy avy @ alalan'ny olon-tsotra.

Tokony ho fantantsika izany fa, Andriamanitra dia maha-avotra fanahy maro; @alalan'ny mpana mboatra fantson-drano, mpahandro sakafo, mpanabe, mpampianatra, mpanakanto sns; tsy kely noho ny avy amin'ireo "matihanina/professionnels"-ny fitoriana Evanjely. Ahoana moa no fomba hidiran'ny pretra/pasitera/evanjelisitra anankiray ao @ birao-nao, sekoly na ozinina iray, ka hitory ny Vaovao Mahafaly? Na hataontsika hoe tafiditra aza izy, tsy hisy afa tsy fotoana voafetra no hanaovany an'izany. Noho izany, izaho, ianao, isika izao (raha mety) no **fomba stratejika entin' Andriamanitra** hikasiana ny tontolo manodidina antsika. Tsy mbola niova ny fiasany: ataony **ao anaty** sakafo ny sira, ary **ao amin'ny efitrano** ho hazavaina ny jiro. Ny sakafo sy ny efitrano dia ma neho ny toeram-piasana na toeram-ponenana. Andriamanitra tsy mangataka antsika; hametraka gonin-tsira eo akaikin'ireo sakafo matsatso,

mampiditra antsika Izy; ho ao anaty lasopy. Tsy misarika antsika ho any ivelany ,na antsisin 'ny fiaraha monina Izy, fa hamirapiratra ao anatin'ny.

"Izay rehetra ataonareo (...)dia ataovy amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa ."(Kol.3:17)

Niasa nandritry ny roapolo (20) taona aho... kanefa .

Nisy vehivavy mpino iray, nanantona mpanompon'Andriamanitra antsoina hoe CB, tao aorian'ny fa nompoam-pivavahana ary nametraka fanontaniana hoe:" Ao @ fiaraha monina misy ahy,mandefa misionera maro izahay, ny iray tamin'ireny, ohatra nalefa tany Mongolia. Tamin'ny niaingany dia, nametrahan-tànana izy ireo. Amin'izao fotoana izao mahazo taratasy avy any izahay, ary, mivavaka matetika sy mifady hanina ho azy indraindray. Mandefa entana sy taratasy ary fanampiana ara-bola. Tena mahafaly ny zavatra ataony ary na izaho koa aza. Mikasika ahy manokana; 20 tao na izay no nanaovako fanompoana adiny 8 isan' andro, eo anivon'ireo mpisotro zava-mahadomelina. Tsy mbola nisy nametra-tànana tamiko na indray mandeha aza; na koa nangataka ny fijoroako vavo lombelona; mety/ izany ve no tokony ho izy ?.

Mampitodika ahy @tantaran'ireo vehiva vy ao @ Soratra Masina; tsy dia fanta-daza loatra nefa hendry ka afaka nanova toe-javatra maro. Mba hamaliana izany fanontaniana izany, andeha hifampizara fijoroana vavolombelona, vehivavy iray antsoina hoe Elisabeth Cornélio isika. Ity mpanompon'Andriamanitra ity, nisy fotoana nanda lo tany Lausanne (Soisa), nandritry ny Congrès Explo 2000, ary nitarika atrik'asa momba ny vavaka. Nitantara izy fa, ny tànana nanombohany ny asa fanompoany dia misy mponina 2 hetsy sy 1 tapitrisa (1 million 200). Tao anatin'ny fito(7) taona ;ny isan'ny vehivavy mpanatrika ny vondrombavaka tariha ny , mitsinjara ho gropy kely;raha nisaina tamin'ny ratsan-tànana tany amboalohany dia lasa valo ali na sy iray hetsy (180.000). Nandritra izay vanimpotoana izay, dia nitombo ny salan'isan'ireo Kristia nina mpandray andraikitra (6% lasa 45%). Manolotra fandaharana @ ny onjam-peo koa ry zareo izay be mpanaraka, ary, na ny polisy ao an-tanàna aza taty aoriana, dia mangatabavaka amin-dry zareo, mba hahavitany ireo fanadihadiana sarotra/ mampididoza ataony (izay tena ara-baiboly tanteraka fa tsy mety ho araka izay hiheverantsika azy). Ireto misy teboka vitsy noraisin'I CB, mikasika ny loha hevitra mahakasika antsika.

"Raha tsy **Jehovah** no manao ny trano, dia miasa foana ny **mpanao** azy. Raha tsy **Jehovah** no miambi n any tanàna, dia miari-tory foana ny **mpiambina** ".(Oha.127.1). Ny fananganana sy fiambenana dia sehatrasa roa ahitana asa maro. Raha ny tena izy, dia afaka tohizana @ lisitra asa maro io teny ao amin'ny baiboly io (izay tsy hampiova ny tian'Andriamanitra ho lazaina). Misy "fiaraha-miasa ilaina "tadiavin' Andriamanitra amin'ny sokajin'asa rehetra, mba tsy hahatonga an'izany ho zava-poana. Raha niteny I Jesoa Kristy hoe"(...) Raha misaraka amiko kosa ianareo ,dia tsy mahay manao na inona na inona."(Jaona15:5b); ny dikan'ny teniny dia hoe : " raha miaraka amiko ianareo ,ny asa (tsy ma moafady) rehetra ataonareo dia hanjary,misy dikany, ilaina,sarobidy ary voatahy.Raha tsy miaraka amiko kosa dia ho misambo-drivotra fotsiny ihany".

Hoy ny Mpitoriteny raha nilaza an' izany:

"nitodika aho nandinika ny asa rehetra nataon'ny tanako sy ny fisasarana izay niasarako,ka, indreo zava-poana sy misambo-drivotra fotsiny ." (Mpi.2:11). Ny hevi-dehibe tian'I Elisabeth Cornélio hampitaina dia toy izao: **ny fivavahana hoan'ireo sampan' asa** misy ao @ tanàna anankiray, sahala amin'izay ataony miaraka amin'ireo vehivavy tarihiny,dia tsy haingitraingitra entina mampihetsika olona liana zava-baovao; fa tena **stratejia mandaitra/matan jaka hoenti-manova ny fiaraha-monina**. Fomba famafazana , entina hialana amina toe-javatra tsy tsara mankany amin'ny mahaso, miala amina fiaraha-monina lo sy fararina ;mankany amin'ny Tanana vaovao .Satria amin'izay fotoana izay ,Jehovah no miandry,manangana,manome tolotsaina ary manasitrana

Ny fiaraha monina kely iray ,manana vondrombavaka dimy(5),valo(8),roa ambiny folo(12) ohatra, dia afaka manolotra sokajin'asa iray ,ho azy ireo tsirairay avy ,mba hiadidiany ny fiantsoroahana ara-pa nahy izany. Azon'ireo atao ,ohatra, ny manohana sehatrasa iray ao an-tanana,mandritry ny vanim- potoana voafetra ,hifanarahana dieny mialoha ;izay tsy mampiova ,na ny fotoana na halavan' ny fivo riana. Fa, raha tsy Jehovah no manoro, mampianatra foana ny mpampianatra, raha tsy Izy no miambina ny lakilasy, rava ny fitsipika. Mety tsy ho fantatr'ilay mpanabe izany, mety ho tsy mpino akory aza izy fa ilay vondrombavaka no mahatakatra ny akon'ny asa ataony. Hanomboka eo, ny rafim-pa mpianarana eo an-tanana dia hanana

miaramila-mbavaka hanohana azy. Tsy ho banja malalaka hoan'ny herin'ny maizina intsony izany; hihatsara miandalana ny rivotra iainana, na ireo fanampahan-kevitra amin'ny sehatra ambony aza, hisy mpitondra am-bavaka. Toraka izany koa eo @ sehatra fahasalamana,ny varotra,ny fitantanam-panjakana,ireo sehatra sosialy,indostrialy,ny serasera ... Ny vondrona tsirairay dia afaka manao fikarohana sy mifantoka amin'ireo olona voakasik'izany,izay fanamby hatrehina ,na ireo zavatra tokony hafatotra na vahana ,mba hahafahan'ny Tsitoha miasa ao amin'ny Tanana manontolo.

Mitombina izany ny fametraham-panontaniana nataon'ilay vehivavy niasa teo anivon'ireo mpisotro zava-mahadomelina.Mila ny vavaka ataon-tsika ireo izay manao asa misionera ,mila an'izany koa ane fa ny mpiasa tsirairay eo an Tanana;kristianina na tsia. Mety misy amintsika, no mety ho efa liana; te hanao fampiharana.Sady tsy mavesatra no tsy sarotra atao.Mba hanampiana antsika dia ,ireto misy lisitra sehatra vitsivitsy ,azontsika tohanana,amin'ny vondrombavaka/fikambanana. Raha tanana na vohitra no saika noraisina ho ohatra tany amboalohany, dia azo atao tsara ny mampi hatra azy amina faritra na firenena iray . Ao anatin'ireto sampan'asa ireto dia ahitana sokajy maro.

1.Ny kaominina: ben'ny Tanana,mpanolotsaina,mpitantana,mpiasa sosialy,mpiasa ny voirie,ny angovo,ny tontolo iainana....

2. Ny fanabeazana:

reo mpianatra,mpanabe,mpampianatra,mpamolavola,mpitaiza ets...

3. Ny fahasalamana: reo mpitsabo; mpitsabo mpanampy, mpampivelona, mpivaro-panafody, mpitatitra marary....

4. Ny

varotra: ireo mpamboly, mpivarotra, mpandraharaha, mpitantana orinasa, mpiasan'ny banky ...

5. Ny trano/tany: ireo mpiasa, mpivarotra, mpandraharaha, mpanao tao trano, mpandalotra; mpikirakira herinaratra, mpanamboatra fantsona,mpanao zaridaina,mpandrindra ny manodidina.

6. Ny fitaterana : mpamily, mpitatitra, mpanamory,mpanjono ,matiloha, mekanisianina,...

7. Ny

fifandraisana : informatisianina, mpandrindra,mpiasan'ny paositra, fakitera ets....

8. Ny

fitsarana: mpitsara, polisy, mpiasan'ny fadintseranana, mpiambina ny fonja....

9.Ny

serasera:mpitantantana,mpanao gazety,mpanentana,mpanota boky,mpanao dokambarotra,mpanao kisarisary ...

10.Ny zavakanto: mpanao

sarimihetsika,mpilalao,mpanoratra,mpitendry zavamaneno,mpakasary,mpandrindra,mpanao hosodoko ...

11.Ny asa-atolotra :trano fandraisam-bahiny,trano fisakafoana,vaditany,mpanaoovololo,mpanamboatra ny simba...

12.Fanatanjahantena/Ala-

voly:mpanazatra,mpanao fanatanjahantena,mpitantana,mpanentana ... Eo anivon'ny fiaraha monina;misy

akony tsara hafa koa ny fananganana lisitra ohatr'ireo,dia ny faha tongavantsaina ao @' ireo **sehatrasa manana mpikatroka** ao aminy.Mety miteraka fanohanana mivantana na manokana izany ;izay mifandray amin'ny fanontaniana noresahina tary aloha. Azo eritreretina ny hisian'ny fotoana @ fotoampivavahana, hatokana hijerena mifandimby ireo sehatrasa samihafa: tatitra, fijoroana vavolombelona, fihainoana fanambarana... Maro ny hevitra sy zava-baovao azo velarina araka izay hilana azy. Ireo teny: "vatan'i Kristy" sy"vatan'I Kristy miasa eo an-tanàna" dia hanana ny lanjany fa tsy teny manidina. Hiova ilay fahitana pretra/pasitera " homme-orchestre" (sady mpandihy no mpively amponga),hotronina zoky olona,sy atrehina vahoaka tsy fantampantatra manatrika , anjary hanankarena fikambanan'olona 'masoivoho manokana' ,manana ny maha izy azy, ary an-katoavin'ny mpiray monina. Hay"ingahy Milera ", ilay " mpanampy amin'ny fandraisana ,manana vady tsara fanahy iny",dia mpanao garazy. Miasa ao ampovoan-tanana izy; ary maro ny olona hifandraisany any ivelany mihoatra noho ny an'i Mompera/Pasitera .Fantany tsara sy tolорany asa tsara izy ireny, ka mahatoky azy. Fahendrena indrindra ny fitsinjovana azy sy fitondrana am-bavaka ny toerana stratejika ananany. Mety hisy hiteny hoe:"Ato amin'ny vondrombavakay ange efa mifampivavaka amin'ny asa izahay e!" Mihoatra lavitra noho izany anefa ilay izy; tsy mahafaka hetaheta rameva ny rano eran'ny fanosehana! Hoy ingahy CB hoe :araky ny hevitra, ny zavatra ta diavin'Andriamanitra amin'io lafiny iray io dia ny hiovantsika toetsaina ;fa tsy fanitsiana manafosafo mety tsy ho tsapa akory aza.

Ny fanahin'ny Fiangonana dia miseho ao an-tanàna, avy amin'ny alalan'ny asan'ireo kristianina ao.

Nisy olona iray niteny fa:” ny asa no endrika hisehoan’ny fanahintsika ety ivelany/ ho azo tsampain-tanana (“Le travail est le processus par lequel mon ame se révèle matériellement »). Izay ao am-potsika no mivoaka sy mibaribary @ hataontsika. Ny fanaka dia mampiseho ny fanahin’ ny mpandrafitra nanao az, toy izany koa ny trano,ny sary,ets ...ets. Ny fanahin’ny Eglizy ao amin’ny tanàna iray; dia tsapa / hita maso, amin’ny alalan’ny asan’ireo mpikambana ao aminy. Raha ekeny, zarainy sy hivelomany izany vina izany ; dia ahatonga hafaliana ao aminy; ka hahatonga azy hikatsaka ny hatsara ; hanjary ho lohany,modely ,mpitarika sy mpanapaka hevitra eo @ fiaraha- monina. Raha tsy izany kosa, fa mbola hihevitra ny asa ataony ho toy ny ‘an-tery’, asa an-tselika mandra-paha ...,tsy fahampiham-pinoana (satria raha ampy izany dia ho misionera izy !) dia tsy hiresaka an’izany izy raha tsy indraindray ary mbola ho menatra ihany koa aza. Misy ireo izay tsy hivelatra fa ohatry ny zavamaniry tsy ampy fikarakarana. Mpiasa tsy ampy fahavitrihana, hijanona ho rambony hatrany @ asa ataony. Vitsy no mety handray anjara @ izay hevi-baovao na fiovam-penitra mitranga; izay hipetraka ho eo ambany fahefan’ireo izay tsy mahalala an ‘Andriamanitra akory.

Te hiova toe-tsaina ve isika mba tsy ho diso tara loatra?

Ezaho

valiana ange izao fanontaniana izao: Aorian’ny fanavotana, ny batisa/batemy sy ny fandraisana ny Fanahy Masina, inona no zavatra mbola mety hahaliana ny kristianina ? Sa tokony hamerina indray izy? Sa hiandry milamina ny andro handehanany hoany an-danitra; sao mba tsy ho ela izany? Soa hiany, tsia no valiny! Anisan’ny mpandaha-teny malaza i Dennis Peacocke, niteny hoe:” Ny Fia ngonana, dia tsy efitra-fiandrasana hakanesana any an-danitra,fa toeram-panomanana mpitantana hanovana firenena “. Raha tsy misy afa tsy ny fiaraha mivavaka sisa, eo imason’ny mpino; ny zava tra azony atao ho an’Andriamanitra; dia hiteraka fahakiviana ho azy izany. Satria tsy ho afaka hivava ka @teny mafy,mitory teny na manao fanompoana daholo ny rehetra;mety hipetraka ny fanonta niana hoe :Mety misy hilana ahy ve ? Inona marina moa izany notena toerako ? Mety hisy fampitaha na tsy mamokatra. Ilaina ny mandray andraikitra ao am-piangonana,fa izay rehetra nanolotra ny fiainany,izany hoe ny fotoanany hoan’I Kristy;dia tokony hihevitra ny tenany ho **mpiasa raikitra** (@ fotoana rehetra) ho azy.

Anisan’ny zavatra nanaitra ahy ,hoy CB ,ny nahita Governora anankiray taty Madagasikara.Mandritry ny fitaom-pivavahana ,tsy nisy nampivavaka an’ity lehilahy ity tamin’ireo diakra mpanompon’ Andria manitra hafa,nitovy fitafy taminy.Ny ampitso ,lehilahy mianjaika ny akanjo maha Governora azy,be galona , no tojo ahy teny @ seram-piaramanidina; fa mbola ao anaty fanompoana an’I Kristy ihany. Alaivo sary an-tsaina hoe takatry ny tsirairay avy amintsika ,ny fihevitr’Andriamanitra ny asa ataony ka ; 11 volana isan-taona ,olona am-polony,an-jatony,ary amina Tanàna sasany,mpino an’arivony ,no afaka amin’ny eritreritra fa manala-sazy /voha-ozona,ary manao ny asa rehetra ataony, @ anaran’I Kristy,misolo tena azy any amin’ny hopitaly,sekoly,asam-panjakana, raharaham-barotra,serasera sy ireo ozinina! Tsy ho toy ny reniranom-piainana, harena be mitosaka amin’ny fiaraha monina? Ireo fotoam-pivavahana sy fivoriana hafa dia hanana lanjany vaovao?

Rehefa misokatra ny masontsika...

Andeha ho

raisintsika ohatra ,ny mpamily taxi iray.Mety hisy olona rera-tsaina miditra ao @ fiara ary , mitombo hery mivoaka avy eo,mety hisy anankiray marary miditra ao ary,sitrana kosa rehefa tonga; ary ny tsara indrindra,mety hisy indray andro hiditra ao amin’io fiara io ,efa teo an-dalam-pahavere zana no nitodi-doha hoan’Andriamanitra! Io taxi io dia mety ho lasa fiaran’ny Tompo ary, ilay mpami ly ambasadaoro-ny. Izany tsy midika, fa afaka hiteniteny foana ilay mpamily, na hanao tsirambina ny asany,fa ny mifanohitra amin’izany. Ny dikan’izany dia: ho tia an’ireo mpanjifa-ny izy, ka tsy hitondra azy amin’ny anaran’ny orin’asa hiasany na ny tenany, fa amin’ny anaran’ny Tompony. Ary ,raha mahay mihaino ny Fanahy izy, dia ho hainy ny vavaka mifanentana amin’ny filan’ny tanàna , ny an’ ireo andrim -panjakana,ireo ahiahy,ireo mpandalo lalovany. Ao anatin’izay fomba fijery izay, dia ho potika ilay fahasamihafana @ ilay kristianina alahady, mpihira mafana-fo, manao amena/alleluia ma maky trano, isaky ny miteny Mompera/Pasitera; saingy mpamily mikombona, moana sy tsy miraika amin’ny Fanahy Masina. Satria, ilay herim-panahy norantoviny ny alahady, dia zarainy sy hiainany mandritry ny herinandro ao anaty taxy-ny. Ho ampidiriny ao anatin’izany ihany koa ireo soa-toavina mahazatra ,tahaka ny fahitsina,ny hatsara-mpanahy,ny fahari-po, ary mbola hanao mihoatra noho izany aza izy ,satria voalaza hoe:” hianareo mpanompo,maneke ny tomponareo (...) **toy ny fanekena an’I Kristy** ihany.(...)amin’ny sitrapo manao fanompoana toy ny amin’ny

Tompo ,fa tsy amin'ny olona" .(Efes.6:5,7).

Ao amin'ilay boky nosoratany; "Comment surmonter les épreuves," , CB ,dia namelabelatra, mikasika ilay zanaka lahimatoa 'tsy adala' , (ao amin'ny fanoharana mikasika ilay zanaka adala),miasa hoan'ny Ray izy ,saingy; ao anaty fahajambana. Tsy takany ny toerana maha-pandova sy maha zanaka azy, miasa mafy izy ,nefa tsy manana vina sy tsy manana risi-po. Enga anie isika, hahay hiaino ny Rain-tsika, rehefa mangataka antsika Izy,hiditra ao anaty drafitrasa-nomaniny. Raha te ho voatahy sy

hivelatra amin'ny asa ataonao ianao, ataovy izany amin'ny anaran' I Kristy, ary hevero ny lanja sy akony ho anao,hoan'ny fiaraha monina sy ny faritra misy anao.

2. Ampitomboy ireo talentanao.

Rehefa

miha-vao ny fihevitsika,dia mazava amintsika kokoa ny lanjan'ny asa ataontsika sy ny asa @ ankapobeny.Izay fototra izay,dia manafaka antsika mba hivelatra sy hampitombo ireo talenta nomen' ny Ray antsika.

Ny

herim-po.

Nisy ramatoa

iray nanontany an'I CB indray andro hoe:"efa taona maro aho izao no naniry hanokatra trano mpanao taovolo; mety amin'ny mpino ve izany?" Raha ny marina, misy

fanontaniana hafa ,tao ambadik'izay:manana zo handray 'risika' ve aho ? Ny fanaovana asa –taovolo ve tsy asa fandaniana andro? Mety hanampotoana hanaovana an'izany ve aho alohan'ny hahatongavan'I Kristy? Izao ve no fotoana mety, hampiasana vola nefa ny ho avy tsy azo antoka? Teolojia mikombona, vasoka sy miaro tena,no toa nahazo bahana. Ny ohatra nomen'i Jesoa, tamin' ny fiainany sy ny fampianarany ,dia mamporisika ny hanàhana fahasahiana voalanja, mavitrika sy mandroso. Ny valinteny azon'I CB nomena azy dia toy izao: " Azo antoka fa ilain'ny fiaraha-monina ny trano fanaovan-taovolo tantanin'ny mpino kristianina." Ny mpanao gazety dia milaza fa, any amin'ireny matetika no hahenoana ny resaka lalina.

Hoan'ny 've hivavy'mpanjifa,ny toerana toy izany,dia toerana manokana hanovozana soa sy filaminana. Izy izay, anoloana ireo andraikitra maro sahaniny,manompo,mampitraka, mitsabo, ikarakara,manohana, tsy mitandro hasasarana,indraindray herinandro maro,andro aman'alina. Amin'ny fotoana hidirany ao @ trano fanaovan-taovolo; mandritry ny ora vitsy dia, hisy olona hikarakara azy. Manantena izy, ho voaray ampitsikitsikiana, ahita hatsaram-panahy sy sofina mihaino azy. itombina tsara eo @ sezany izy, mahazo aina, mitsotra ny hoza-dohany, voakarakaran'ny rantsan tàmàna malefaka, mamerina ny hatsara tarehiny. Misy mpanolo-tsaina izy, manan-danja, feno fifanajana ny toerana,tsisy kia kiaka,tsisy fitarainana,tsisy vesatra. Tsy tafiditra ao anatin'ny asam-panompoana-an'Andriamanitra tanteraka ve izany?

Ekena fa misy ny 'patirao' be gidragidra, mipetraka ao ambadiky ny fandoavam-bola,manery an-kolaka ny olona hisafidy izay tsy tiany;izany indrindra no tokony hamporisihina ireo izay tsara fika rakarana,afaka manome torohevitra mahasoà sy ara-panahy. Tena ilain'ny vehivavy izany; indrindra amin'ireo faritra tsy dia milamina na mampahory indraindray. Tsihivina eto fa, raha tsy mankasitra ka ny fifosana/takoritsika ny Baiboly ;dia mamporisika kosa ny fitahiana ,na ankinafina aza,amin'ny halalan'ny tàmànan'ny mpanao taovolo; mampiasa ny talentany, ho fanasoavana ny mpiara belona aminy .

Manàna fahasahiana manao dingana.

Tamin'ny fotoana nandikan'I Josefa ,ny nofin'I Farao,mikasika ireo omby vavy sy ireo salohy;dia sahy niteny izy hoe:"koa ankehitriny aoka Farao izaha lehilahy manan-tsaina sady hendry,ka hanendry azy hanapaka ny tany Egypta.Aoka hanao izany Farao,ary aoka izy hanendry mpikarakara,hitandrina ny tany sy hamory ny ampahadimin'ny vokatry ny tany Egypta @ taon-jina fito(...) Ary aoka izany hanina izany hotehirizina ao @ tany ,ho amin'ny fito taona mosarena;izay ho tonga @ tany Egypta,mba tsy ho simban'ny mosary ny tany ." (Gen.41:33-34, 36) . Izy ilay mpifatotra,hadino sy tsy manandanja,no nanana fahasahiana manoloana ny tompom-pahefana egyptianina,nanolo-kevitra ilay mpanapaka natahorana.Hoy I Farao hoe:"Hahita lehilahy tahaka io,izay manana ny Fanahin'Andriamanitra ao antiny va isika?(...) Indro ,efa nanendry anao hanapaka ny tany Egypta rehetra aho "(Gen.41:38,41) Hitantsika ihany koa ,izany fahasahiana izany tao @ Rota ilay moabita. Ny tantarany dia mampiseho ,fa tsy nionona tamin'ny fanaovana ;ny fara-faha keliny izy.Na ny nisafidianany ny Tsihaha ho Andria maniny ,I Isiraely ho fokony,na I Naomy ho namany mandra-pahafatiny;dia tsy nitsahatra naka fana pahankevitra handroso izy. Mbola mampiseho izany toetra izany izy, raha nitady asa, nitohy tany amin'ny famolesana izany; ka, na ny mpampiasa azy aza nitolagaga ,ka nanome azy valisoa azy. Fotoa na fohy taty aoriana, lasa vadin'ity farany izy, ary tafiditra ho isan'ny taranaka

nipoiran'ny Mesia. Na dia tsy nanome vaha-olana tanteraka hoan'ny olan'ny tsy fananana asa aza l Rota,dia nitondra lakile vitsivitsy;azo dinihina toy ny: fahitsina,ny fahaiza-mivelatra @ asa maro,ny fitiava-mihetsika,ny faha tsorana sns... .

Ilay vehivavy tompon-trano, noresahina tary am-piandohan'ity boky, koa ohatra dia tena nanana fahasahiana. Misy **fito, ny sehatra ekonomika hiasany** raha kely. Ny tenin'ny Soratra Masina , tsy natao hiteraka fanamelohan-tena ; fa kosa ampahafantarina ny hafaliana ateraky ny fanompoana/asa .Lavitry ny hevi-dravina ary ,mitantara toe-tsaina vehi vavy maro. Tsy voatery hitovy ny talenta, fa ao ireo vady, renim-pianakaviana, anabavy, na mpanampy mitondra harena tsy voavidy vola hoan'ny fianakaviana na fiaraha-monina iainantsika.Ho lehibe izy ireny ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra!

Voakasiky ny raharaham-barotra, ny banky sy ny taha-pamokarana ve Andriamanitra ?

Izao no hita ao (Mat,25:14-21,24-28):"Fa ny Fanjakan'ny Lanitra dia tahaka ny olona izay efa andeha hoany an-tany hafa,ka niantso ny mpanompony,dia nanolotra azy ny fananany:koa ny anankiray no meny talenta dimy,ny anankiray roa, ary ny anankiray iray; samy araka izay fahaizany avy ,dia lasa nandeha izy. Ary niaraka tamin'izay, dia lasa ilay nandray ny talenta dimy,ka **nataony varotra** izany ,ary **nahazo tombony** talenta dimy koa izy. Ary **toy izany koa**, ilay nandray ny roa dia **nahazo** roa ho tombony. Fa , ilay nandray ny iray kosa dia lasa nihady ny tany ;ka nandevina ny volan'ny tompo ny . Ary nony ela, dia tonga ny tompon'ireo mpanompo ireo, ka nampilaza azy ny amin'ny volany. Ary nony nanantona ilay nandray ny talenta dimy; dia nitondra talenta dimy koa izy nanao hoe: Tom poko, talenta dimy no natolotrao ahy, indro nahazo tombony dimy koa aho. Hoy ny tompony taminy: **Tsara izany**, ry mpanompo tsara sady mahatoky". **Torak'izay** no nitranga tamin'ilayfaharoa. "Fa nony nanantona kosa ilay nandray ny talenta iray,dia nilaza hoe :Tompoko fantatro fa olona mila voa tsiary ianao,mijinja any @izay tsy namafazanao ,ary manangona eny @ izay tsy nanahafanao , dia na tahotra aho ,ka lasa nandevina ny talentanao tao anatin'ny tany:indry,lasanao ny anao. Ary ny tom pony namaly ka nanao taminy hoe: Ry mpanompo ratsy sady malaina, efa fantatrao fa mijinja eny @ izay tsy namafazako aho ary manangona eny amin'izay nanahafako,koa tokony ho **nampànana** ny volako tamin'ny **mpanana vola** (banky) ianao,ka raha tonga aho, dia ho nandray ny ahy **mba-janany**. Koa alao aminy ny talenta, dia omeo ilay manana ny talenta folo."(Mat, 25:14-21,24,28) Ilay mpanompo ratsy dia tsy **nihetsika/niandry** sady **kanosa**, miandry ny fiverenan'ny tompony izy, mba hialana andraikitra . Diniho eto fa, tsy hoe mpangalatra akory izy; tsy nolanihanany tamin'ny sitrapony ny talenta nomena azy; fa, tsy nampiasainy fotsiny ka, tsy afaka nitombo. Ireo mpanompo tsara kosa, niandry ny fihavian'ny tompony tamin'ny fomba hafa . Niatrika 'izay mety ho fahavoazana amin'ny fampiasam-bola' izy, nampiasa **herimpo, fikirizana sy fahamailoana**. Niasa izy ireo, ary nampiasa ny renivolany. Lehibe ny hafaliany sy rehahany nohoy izany, feno fan kasitrahana sy nanome valisoa ho azy ny tompony. Nampandroso azy ireo, ao an-tranony. Ilay mpa nompo kosa noroahiny.

hafa mitovitovy amin'izay nataon'I Kristy. -Imbetsaka no ampitahany ny Rainy amin'ny mpikarakara voaloboka, izay liana @ ny taha-pamoka ran'ny voalobony, ary manao izay azony atao rehetra hahabetsaka ny vokatra. Ampitahainy @ sampana kosa isika, ary notsipihiny fa, ny famokarana be, dia manome voninahitra an'Andriamanitra. Ireo sampana tsy mamoa dia tampahiny; ireo hafa kosa dia karakarainy, mba hamoa bebe kokoa.-"(...) Indro efa telo taona izay aho no tonga nitady voa tamin'ity aviavy ity, fa tsy nahita. Kapao ionahoana io no manimba ny tany?(Lioka13:7)" -Izay mamafy @ tany tsara,izany hoe mahay mandray ny tenin'Andriamanitra ao am-pony,dia sahala amin'ny mahay mampitombo ny renivolany. -Ny lalovay ,izay

mampitombo ny koba, ny harena miafina ao an-tsaha,ny mpivarotra mitady voahan gy soa,ny fanimpazana ny harato any andranomasina ,dia asa samihafa , mifantoka amin'ny zavatra iray;dia ny fahazoana vokatra tsara/misy kalitao.

Andriamanitra dia liana amin'ny taha-pamokarana. Raha izaho no miteny an'izany; hoy ingahy CB, dia hadinoy izany fanamarihana izany fa, raha ny Tenin'Andriamanitra kosa, no milaza izany; dia aoka ny tsirairay hiezaka hanova ny fomba fijeriny! Ekena fa mitahiry hafatra mafonja ireo andalan-Tsoratra Masina ireo amin'ny lafiny ara-panahy. Fa, angamba tsy fahitsina, ny fanilihana ny dikany ara bakiteny, izay mampiseho ny fototra/fomba fiasa ao @ Fanjakan'ny Lanitra. Ny fampamokarana ny fanomezan'Andriamanitra rehetra , ao anatin'izany ny asa tanana,ny varotra,na izay rehetra asa aman-draharaha @ ankapobeny,dia tena ara-panahy ary manandanja , toy ny

hafa . Voha-avotry ny asa ve isika? Tsia! Ny finoana ihany, kanefa ny finoana marina dia velona, mampiratra, mivelatra, mandray antoka. Foana kosa, ny finoana tsy arahan'asa; ny fanenenana tsy araham-bokatra (oh :fiovam po) ,dia tsy maharesy lahatra. Ny fitiavana tsy araham-pankatoavana dia poakaty. Ny finoana manome voninahitra an'Andriamanitra, dia tsy izay finoana foronintsika, hovaintsika na, ahitsintsika ,fa izay mahatoky an'Andriamanitra (Mat.25:30,Jak.2:26,Lioka.3:7-8). Hoy ny teolojianina iray (Bon net Schroeder in Bible annotée)"Sahala amin'ny fitombon'ny renivola amin'ny alalan'ny zanany ; dia toy izany koa , no hitomboan'ny fahasoavan'Andriamanitra rehetra avy amin' ny fampiasana azy marina , amin'ny alalalan'ny asa atao isan'andro."

Azo hidina ao

Ampianganana ve Andriamanitra?

Mihoatra ny in- 420 no

hita ao anaty Baiboly ny teny hoe: vola ary, amin'ny 46 ao amin'ireo boky mandrafitra an'izany ! (Earl Pitts dia milaza fa in-2084 no ampiasana ny teny vola, harena ary fananana ao @Baiboly). Andriamanitra dia' miasa @ zavatra mivaingana' (concret) sady 'piragimatika' noho izay mety ho fiheverantsika azy. Maro amin'ny olona @ izao fotoana izao, no miezaka mametra an'Andriamanitra ao am-pianganana.

Mahavantana ny olona ,ny mihevitra Azy ho toy ny lahy antitra tsara fanahy,vangivangiana tsindraindray; noho ny mandray Azy ho toy ny mpandrindra masimandidy amin'ny fananany rehetra. Maro ireo sehatra kristianina , nanindra-indra fotsiny : ny fahasoavana, ny famelankeloka sy ny fialofana ao amin' I Kristy ; ka ohatry ny na-maivanina ny risi-po eo amin'ny asa ,ny fahasahiana; ny fikatsahana hahazoam-bokatra ary ny fandairana dia lasa, toa ambin-javatra mba tsy hilazana hoe tsy misy dikany. Raha toa ianao ,notezaina tao anatin'izany toe-tsaina izany ,dia mamelà anay hiteny mazava fa:ny fahamailahana,ny fandairana sy ny fahaiza mamokatra, dia soatoavina,tena ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra !

Na izany aza , tsy mijanona ho mpanompo tsy mahasoa ihany ve isika ?

Tsy i Jesoa ve no niteny fa isika dia mpanompo tsy mahasoa? Hoy angamba ianao. Asa! Ny mpanompo anankiray izay niezaka nanao ny asa rehetra nandrasana taminy, dia sarotra heverina, ho tsy maha soa .Ny mpanompo iray ve mety ho tsara,mahatoky sady... tsy misy hilana azy/tsy mahasoa ? Raha misy andalana sasany ahitana io teny io, dia tsy amin'ny dikany hoe: *tsy mahay manompo araka ny tokony ho izy*, fa: *tsy nanao zavatra mihoatra ny nandrasana taminy* ka tokony omena tambiny amboniny. Mpanompo *tsotra ,marina ,ary tsy miavaka manokana* . Hoy Izy:" Dia tahaka izany koa ianareo, rehefa vitanareo izay rehetra nandidiana anareo, dia ataovy hoe: Mpanompo tsy mahasoa izahay,ny tokony ho nataonay ihany no efa nataonay."(Lioka,17:10) Amin'io andalana io izao,dia hitantsika fa , tsy ny Tompo no manondro ,ilay mpanompo ho "mpa nompo tsy mahasoa", fa ilay mpanompo no ampianariny hanetry ny tenany ho toy izany. Maro ireo andalan-dahatsoratra Masina ,manamafy izany fijery izany; ohatra: " koa raha misy olona manadio ny tenany(...)dia ho fanaka homemboninahitra izy,efa nohamasinina ka **mahasoa** hoan'ny Tompo ,voa-voatra ho amin'ny asa tsara rehetra"(2 Tim.2:21). "Alao Marka, ka ento miaraka aminao, fa **mahasoa** ahy amin'ny fanompoana izy" (4:11) .Mbola mahita toy izay koa isika mikasika an'I Apolo sy (Asa,18:27). Mazava koa ny mikasika an'I Onezima, araky ny fitantaran'I Paoly azy amin'ny tompo ny: "Ilay **tsy mahasoa** anao **fahiny**, nefa **ankehitryny mahasoa** antsika dia hianao sy Izaho."(Fil, 1:11)

Ny fahaizana mampitombo hoe?

Raha

mifanena amin'ilay vehivavy noresahantsika tary aloha aho, hoy I CB; dia te hametraka fanon taniana fanampiny aminy hoe:"Fantatrao ve fa afaka manokatra trano fihetezana faha-2,faha-5,faha-10 ianao ? Izany fanontaniana izany dia manarona fanontaniana hafa: Fantatrao ve ,fa ny faniriana madio anankiray dia manome voninahitra an'Andriamanitra? Satria afaka mivelatra amina tanàna, firenena na kaontinanta hafa ianao? Satria maro ireo olona miandry ny tolotrasa ataonao? Ny fandro soana ara-tsiantifika eo amin'ny sehatrasa hiasanao dia tsy natokana hoan'ny hafa ? Hoy I Kristy:"Fa ny zanak'izao tontolo izao dia manan-tsaina kokoa ny @ karazany noho ny zanaky ny mazava"(Lioka,16:8)Ary hoy ny Ohabolana hoe:"Raha ravoravo ny marina ,dia be ny famirapiratana. Fa raha misandratra kosa ny ratsy fanahy, dia miery ny vahoaka"(Oha,28:12). Ny fampitomboana ny talenta dia hitondra antsika na ho ela na ho haingana, amina fampitàna fahefa na amin'ny olona hafa. Moiza/Mosesy dia isan'ny ohatra amin'izany ary, na ny orin'asa lehibe maro rantsana ankehitriny aza, dia manovo soa amin'izany koa.

Ny fanomezana fahefana.

"Ary

nony maraina dia nipetraka hitsara ny olona Mosesy ; ka dia nijanona teo anatrehan'I Mosesy ny olona ,hatramin'ny maraina ka hatramin'ny hariva.Ary rehefa hitan'ny rafozan'I Mosesy izay rehe tra nataony

tamin'ny olona ,dia hoy izy:"Inona izao zavatra ataonao @ olona izao? **Nahoana no hianao irery ihany** no mipetraka, fa ny olona rehetra kosa mitsangana eo anatrehanao hatramin'ny maraina ka hatramin'ny hariva?(...)Tsy tsara izao zavatra ataonao izao. **Samy ho reraka mihitsy** na hianao na izao olona miaraka aminao izao. Ary ankehitriny, dia maneke ny teniko fa hanoro hevitra anao aho, ka Andriamanitra anie homba anao. Aoka hianao ho alalan'ny olona @Andriamanitra mba hitondrano ny teniny @ Andriamanitra, ary **hampianatra azy** ny didy sy ny **lalàna izay mety hale hany sy ny asa izay mety hataony** . Ary **mizahà** eo amin'ny olona rehetra **izay lehilahy mahay** sy matahotra an'Andriamanitra, dia lehilahy marina izay, tsy tia kolikoly; ka manendre mpifehy arivo sy mpifehy zato sy mpifehy dimam-polo ary mpifehy folo hifehy azy. Ary aoka ireo no hitsara ny olona mandrakariva, ka ny ady **lehibe rehetra** no aoka ho entiny aminao,fa ny **ady madinidinika** rehetra kosa ,dia aoka hotsarainy ihany,dia ho maivamaivana kokoa aminao izany ka dia **hiara-mitondra ami nao ireo** .Raha hanao araka izany zavatra izany hianao, ka hilaza izay didy omen' Andriamanitra,dia haharitra hianao,ary izao olona rehetra izao koa dia ho tonga soa aman-tsara any @ taniny. Dia ne ken 'I Mosesy ny tenin'ny rafozany,ka nataony avokoa izay rehetra efa nolazainy."(Eks, 18:13-14, 7-24).

Ireto misy teboka vitsivitsy azo raisina.

1. Na

dia teo aza,ny fahafoizan-tena sy hosotra tao @ Mosesy ,nihoatra ny fahafahany ny filana. Nitarika fahasorenana sy fandanim-potoana be izany.

2. Takany fa azo

atao ny manao famindram-pahefana azo antoka sy manana kalitao.

3. Noho izany, hifidy sy

hamolavola olona izy, miankina amina zavatra telo : fahatahorana an'Andria manitra,fitiavana ny

4. Jetro dia nanoro azy

fahamarinana,fankahalana kolikoly. fandrindrana mifototra amin'ny: mpiandraikitry ny arivo, zato,dimampolo, folo. Rafitra nalain'ny orin'asa marorantsana tahaka taty aoriana.

5. Napetraka ny fanavahana ny raharaha

lehibe sy kely.

6. Afaka niaina tsara kokoa Mosesy ary ny vahoaka

voakarakara tsara.

Raha te ho voatahy sy hivelatra amin'ny asanao, ianao; sahia maka fanampahan-kevitra ,mahereza, mamolavolà mpiara miasa mahay ,ary mitomboha.

3. Katsaho ny hatsara.

Ny fiheverana ny fivelomantsika ;ho toy ny asa ataontsika amin'Andriamanitra ary, ny fampiasana ny talenta mba hahazoana ny fivelarana tanteraka,dia mitarika antsika ho amina dingana vaovao: ny fikatsahana ny lavorary/hatsàra. Nisy olona iray niteny hoe: "ny fikatsahana tsisy fetra ny lavorary (perfectionisme) dia aretina, ny hatsara(excellence) kosa dia toetra tsara." Mahita olona **mailaka @** raharahany ve ianao? Eo anatrehan'ny mpanjaka no hitsanganany,fa tsy hitsangana eo anatrehan'ny olona ambany izy."(Oha, 22:29) " "Mahatoky izany teny izany,ary izany zavatra izany dia tiako hitompoanao mafy,mba hotandreman 'izay efa mino an'Andriamanitra ,ny **hanao asa tsara**. Sady tsara no mahasoana ny olona izany zavatra izany!"(Tit, 3:8).

Katsaho ny hatsàra , na dia amin'izay asa faran'izay tsotra / ambany indrindra aza.

Ndeha hatombontsika @ ohatra tsotra mikasika ny asan'ny mpiandry ondry iray. Nohoy ny baikon 'Andriamanitra ,ny mpaminany Samoela dia nandeha nankany amin'Isai ,mba hisafidy sy hanosotra @ ireo zanany maro ny mpanjakan'I Isiraely (1.Sam,16) Niseho teo aminy daholo izy rehetra saingy tsy tao amin'izy ireo ilay voafidy.Tsy taitra akory Samoela nanoloana izany,ary nanao tamin' ny lehi ben'ny trano ,fanontaniana toa hafahafa nefa manandanja:"Eto daholo ve izy rehetra?". Na ilay ray na ny fianakaviany ,nivory dia tsy nihevitra fa ilaina akory ny nampiantsoana an'I Davida.Amin'ny fijery hivelany ,ity mpiandry ondry kely ity,dia tsy tokony ho nahaliana an'Andriamanitra ;na tokony ho lasa mpanjaka! Teo imason'izy ireo, dia tsy manana zavatra mety hifandraika amin'ny tinady izy,ka tsy dia nilaina loatra ny fisiany teo.Fa Andriamanitra mijery ny ao am-po.Raha vao tonga Davida,tsy nisalasala ilay mpaminany nanendry azy ho mpanjaka.Tonga mpanjaka anisan'ny lehibe indrindra tao amin'ny tantaran'ny Baiboly izy.

Tao @ ity mpiandry ondry kely ity,ny fitiavam-bola ,ny reharena,ny anaram-boninahitra sy laza dia tsy nanan-toerana,ny nameno ny fony ,dia ny fitiavany ny ondriny. Mitandrana azy am-pifaliana izy, miaro azy, ary tsy mitandro ny ainy raha misy bera na liona mitady hamono ny ondry. Andriamanitra izay mandefa ny fijeriny @ tany rehetra, dia nahita an'I Davida teo ampiasana.Hitany tao aminy ny hatsara. Lehibe ny hafaliany;mety ho nihevitra angamba lzy hoe:"Te hanana mpanjaka afaka mikarakara ny vahoakako **toa izany** aho,tena mpiandry ondry hoan'I Isiraely".Satria "Na dia ny zaza aza dia nampiseho amin'ny

fanaony.Na madio sy mahitsy ny fitondran-tenany".(Oha,20.11) Torak'izany koa isika ao an-trano fiasantsika ao,ao amin'ny birao , sekoly, na saha hiasantsika ao.

Ahoana ny fomba nikatsahan' i Davida ny hatsàra ?

Ny

zavatra nosoratany no manambara fa:takatr'i Davida fa **Andriamanitra** ,Izy tenany ,dia **mpiandry ondry** ,mpiandry azy.Mpiandry tsara,nanonkantena sy azo antoka,nijery ny mahaso azy,namelona ny ainy, mitarika ny diany,mampatokny azy,mampihinana azy,mandrakotra azy fahasoavana sy famin dram-po isan' andro(jereo salamo 23). Voasinton'izany ohatra izany I davida.

Taon-jato maromaro taty aorina hoy I Jesoa:"izaho ny mpiandry tsara, ny mpiandry tsara manolotra ny ainy hoan'ny ondriny"(jaonina 10:11),nanamafy @ fomba miharihary ny zavatra efa takatr'i davida.Ahoana ny mikasika antsika sy ny asantsika? Mpiandry ondry fotsiny ary ve izany Andriamanitra? Tsia, mazava loatra:mpitsabo koa izy,mpampianatra,mpanoratra,mpikarakara tanim-boaloboka, mpiompy,mpitantana,mpanakanto,mpamorona,mpanolo-tsaina,mpanajitra,mpanao asa tanana,ets... Ny fanambarana azon'i Davida ka nitarika azy @ hatsara dia,tokony hitranga amintsika koa ,eo anivon'ny asantsika.Ny hakingana sy fahaizana arak'asa hananantsika dia,avy @ Andriama nitra .Tsy manome izay tsy hananany Izy.Ny fahafantarana an'Andriamanitra no fototry ny kalitaon' ny asan-tsika (jereo Rom,2:14-15)

Rehefa Andriamanitra no mampiasa ny hatsara.

Ny

andiny ny faharoa ao @ Genesisy dia mampianatra antsika fa,tany amboalohany ny tany dia foana ary tsy nisy endrika.Raha @ ny fitenintsika ankehitriny dia toeram-pananganana(chantier),trano avo lehibe iray ,izay manomboka @ ny fandavahana mitanàna;hiasan'ny fitaovana maro ao anaty fota ka.Ny Nahary Mpandrindra dia niasa isan-dingana,mba hahatonga azy ho planeta mahafinaritra. Hita ntsika ihany koa izany lamina izany teo @ zanak' Isiraely,andevo tany Egypta;avy amina poti-bahoaka no,ahamoahan'Andriamanitra hatsara.Hoy Izy tamin'i Mosesy:"Tandremo mba ataonao araka ny en drika izay naseho taminao tao an-tendrombohitra ny zavatra rehetra"(Heb,8:5) Tamin'ny fotoana nialany tamin'ny mpampahory azy,ireto foko ireto dia toy ny vondron'andevo mitsoaka any amin' ny fahasahiranana/lalan-tampina.Tsy nanana zara-tany,tsy nanana ny volany manokana,na rafitra politi ka,na fitsarana.Izany vahoaka izany koa dia tsy nanana tafika,paolisy,na sekoly.Tsy nana na rafi-mpi tsaboana,rafi-mpamatsiana mirindra;eny fa na dia sarina sori-dàlana aleha aza tsy nisy. Tonga dia, dihaben'ny mpifindra monina no nitranga. Diman-jato taona taty aorina, ireto farany dia nipetraka amina tany mamokatra sy mahafinaritra. Niaina am-pilaminana. Ao amin' izany fanjakana izany:misy minisitra,mpandray an-tsoratra mpi tantana ,mpisorona,pretra,tompon'andraiki-paritra,mpanaramaso ary mpiasa maro isan'kara zany samy manana ny fahaizany ;ary miasa/mampiasa mirindra ny talentany avy.

Ny tafiny tamin'izany dia nahitana kalesy (1400), mpitaingi- tsoavaly (12000)ary soavaly(40000). Tafapaka tamin'ireo firenena rehetra manodidina ny lanjany.

Ny sambony sy ireo andiam-pandraharahany dia nanao fifanakalozana iraisam-pirenena niroborobo .Hazo sarobidy sy vato voasokitra no nanaovana ireo trano lehibe.Nisy vorona maro avy @ tany hafa nandravaka ireo fonenana.Ny mozika sy ny zava-kanto koa dia nomena toerana.Ny hatsaran'ny tempoly dia mihoatra lavitra nohoy ireo rehetra nisy tamin'izany vanim-potoana izany. "Ary nataon'ny Mpanjaka ho tahaka ny vato ny habetsaky ny volafotsy sy volamena tany Jerosalema ary, ny hazo sedera nataony toy ny aviavy any amin'ny tany lemaka amoron-tsiraka"(2Tan,1:15) "Ary Solomona mpanjaka dia nanan-karena sady hendry indrindra noho ny mpanjaka rehetra ambonin 'ny tany.Ary ny mpanjaka rehetra ambonin'ny tany nitady ahita ny tavan'i Solomona mba hihaino ny fahendrena izay nataon'Andriamanitra tao am-pony"(2Tan,9:22-23)."Ary rehefa hitan'ilay mpanjaka vavin'i Sheba ny fahendren'i Solomona rehetra sy ny trano izay nataony,sy ny fihirany tao @ latabany sy ny fitsenan'ny mpanompony mbamin'ny fitafian'ireo sy ny mpitondra kapoakany ary ny ambara-tonga izay niakarany ho ao an-tranon'i Jehovah,dia talanjona tery izy.Ka hoy izy tamin'ny mpanjaka:"Ny fahendrenao sy ny voninahitrao dia mihoatra lavitra noho izay laza efa reko(...)**Isaorana anie Jehovah Andriamanitrao**, Izay tia anao ka nametraka anao @ seza fiandrianan'ny Isiraely fa, noho ny fitiavan'i Jehovah,izay itiavany ny Isiraely mandrakizay ,no nanaovany anao ho mpanjaka mba hanao fitsarana sy fahamarinana."(1Tan,10: 4-6,8-9)

Ny fahafantarana ny Tsihoa sy ny toro-heviny no mitondra @ hatsara.

Fa ny

mifanohitra @ izany koa dia marina ;nampitandrina an’l Solomona, Jehovah fa ny fialany ho @ sampy dia,hitondra fahantrana sy fahoriana:”Fa raha miala @ fanarahana Ahy kosa ianareo na ny zanakareo ka tsy mitandrina ny lalako sy ny didiko izay nataoko teo anoloanareo,fa mandeha mano mpo andriamanin-kafa, sy miankohoka eo anatrehany dia ho fongorako tsy ho eo @ tany izay nome ko azy ny Isiraely;ary ity trano izay nohamasiniko hoan’ny anarako ity dia ho fongorako tsy ho eo imasoko;aryny Isiraely ho tonga ohabolana sy ambientinteny any @ firenena rehetra,ary na dia avo aza ity trano ity,dia mbola hitalanjonan’izay rehetra mandalo izy sady hisitrisirany ka hanaovany hoe:naninona re no dia nataon’l Jehovah toy izao ity tany sy trano ity?Ary hisy hamaly hoe:Satria ny olona nahafoty an’l Jehovah Andriamaniny,**izay nitondra ny razany nivoaka avy tany @ tany Egipta ,ary nifikitra tamin’ andriamanin-kafa** sy niankohoka teo anatrehany ka nanompo azy, dia izany no nampidinan’l Jehovah izao loza rehetra izao tamin’”(1Tan,9:6-9) Na dia teo aza ireo fampitandremana ireo dia latsaka ihany Solomona.Hisy mpanjaka maro ho lavo tahaka azy koa.Ireo mpitondra sy ampahany iray t @ ny vahoaka dia nahondrana;voaroba sy voadoro ny tempoly,ny tilikambo sy ny rindrina tao Jerosalema dia nazera.

Izay sary hiheverantsika an-Andriamanitra dia misy akony mivantana @ antom-pilana sy hetsika ataontsika.

Ny

olona mihevitra fa Andriamanitra dia mpanao didi-jadona, mirehareha sy be hebohebo dia;tsy hisalasalana fa hamokatra fihetsika toy izany.Mety ho tsinahy izany zavatra izany,fa ny olona dia mitovy @ Andriamanitra (na @’ ireo andriamanitra)izay hinoany.Na ny tsy mpino aza dia tsy afa- miala amin’izany;mihevitra izy fa vokatry ny kisendrasendra simika na biolojika,miala avy @ ny tsy misy ka hiverina any,ny fiainany,ny filozofiany,ny fifandraisany dia voafarit’izany.”Ny sampin’ny jentilisa dia volafotsy sy volamena,asan’ny tanan’olona.Manam-bava izy fa tsy mi teny,mana-maso izy fa tsy mahita,manan-tsofina izy fa tsy mandre.Ary tsy misy fofon’aina ao am bavany.**Ho tahaka azy** izay manao azy sy izay rehetra mahatoky azy”(salamo,135:15-18). Toy izany no mahatonga ny fiaraha monina mpanompo sampy iray,tsy afaka tena mifandray,mahita na mihaino.Sempotra,tsy afaka mamorona,manatsara,manitatra na manangana intsony izy.Mifano hitra @ izany aza,mandanilany foana ny lovany izy,mitotongana ary ravàny izay kely voatambany .Ny firenena tsirairay avy dia sahala @ ny andriamaniny(na @ ireo andriamaniny)Ireo fotony(tranainy na vaovao)dia misy fifandraisany mivantana @ voa ratsy na tsara izay aterany.Miankina @ fankatoavany ny Mpahary,ny firenena mikorontana iray dia,mety hisandratra ary,ny firenena sangany dia mety hihetry.Ny fanompoan-tsampy na inona na inona endriny ,dia mitarika any @ ny fivarinana.Ny firaike tana @ Andriamanitra velona kosa dia miteraka hatsara.

Tsy tanjona farany nefa ny hatsara.

”Aoka hazava eo imason’ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, **mba ahitany ny asa soa ataonareo** ka **hankalazany ny Rainareo** izay any an-danitra”(Mat,5:16) **Ny hatsara dia tokony hanandratra an-Andriamanitra.** Tsy tanjona akory izy fa fitaovana.Raha mija nona eo aminy ny faniriantika dia miteraka fahalovana izany.Ireo mpianatr’l Kristy,jambenan’ny fa hefana, ny fahendrena sy ireo fahagagana nataon’l Jesoa; mety ho naniry mafy ny tsy hisian’ny faha menarana teo @ hazo fijaliana.Vanim-potoana nanahirana sy nangirifiry ho azy ireo ;toy ny horohoro ntany izany.Satria,talohan’izay izy ireo nahery,nalaza , notsiriritin’ny olona tamin’ny lafiny maro.Ny kalvary kosa dia nampitontongana izany rehetra izany.Manomboka hatreo dia handeha hiazao,hane nika izao tontolo izao izy ireo;tsy toy ny antoko politika nandresy fa toy ny sakaizan’ilay iray nofantsihina. Ny orinasa , misiona,oniversite,na hopitaly kristianina iray izay mampihatra ny hatsara dia mety hiro na moramora/tsikelikely amin’ny fifantohana @ hatsàra fotsiny ka;tsy hahita intsony ilay niantsoan ’ny Tompo azy tany amboalohany.Io hatsàra io,izay fitaovana nanampiana olona/fanahy maro hiditra ao @ Fanjakan’Andriamanitra;manoloana ny vesatry ny laza tiana ho tandrovana,fankasitrahana, fana mpiana,na fanomezam-boninahitra(ataon’ny olona na governemanta na ireo karazam-mpampihale zam-baovao heverina ho mihaja)dia mety ho lasa sarena/voaly manakona sy mandrindrina tanteraka ny lalana mankany @ fanjakan’ny Mpahary.Tsy vitsy ireo misiona nampirehetin’ny fitiavana ny Mpa monjy no voan’izany tsiro izany,kalasa nolavin’ny olona.Miho-pampiana loatra ny fikajiana ny hatsa ra ka lasa izy indray no notompoina,mpibaiko @ ny atao rehetra n any fanekena ny planin’Andria manitra aza voatery asim-panintsiana!Nanjary ilay zava noforonina no nasandratra fa,tsy ilay Mpamo rona.

Tery/sarotra ny lalana nefa azo atao tsar any mampifandrindra maharitra, ny hatsara @'ny voninahitr' Andriamanitra.Tena mila an'izany ny firenena maro @'izao fotoana izao. Raha

nilaina ny nanao izany fampitandremana izany, dia satria hoan'ny firenena mpampiasa ny teny frantsay; mety ho faminaniana (profetika) izany, raha mbola tsy tena mitranga ankehitriny. Hoan'ny an kamaroan'ny amin-tsika, ny baiko atrehina ankehitriny dia; izay ahfahana mandroso miaraka @ ireo ondry vitsivitsin-tsika fa tsy fitandremana fanjakana mpanefofo/vondraka...

Tsy misy "Tranofiakarana" (ascenseur) mankany @ hatsara fa tohatra.

Raha toa

ianao mpandoko trano lehibe, ampiasao ny fahaizanao hanandratra an'Andriamanitra. Raha mpiasa mpanjakana kosa, tompoy am-pitiavana sy fahakingana ny tsirairay, raha mpitam-bola ianao; aoka hamiratra amin'ny fahintsihana sy fitiava-manampy raha mpanabe ianao aoka hikatsaka ny kali taon'ny fampianaranao. Raha mpanakanto ianao aoka hampitombo ny talentanao, raha misy firarina hananan'Andriamanitra dia mety ho toy izao izany: "Raha misy hopitaly mitady mpandidy anankiray ohatra, tiany mba ho ny mahay indrindra sy afaka amin'izany dia iray amin'ireo zanany. Toy izany koa raha misy fahita lavitra, mitady mpilaza vaovao, governemanta mitady minisitra, toeram-panamboana rana fiara mitady mekanisà, na trano fisakafohanana mitady mpahandro. Toy izany no nitranga hoan'I Josefa, nofinidin'I Farao, Daniela tany Babylona, na I Rota tao antsahan'ny Boaza. Ny vaninandron'ny fahasovana ve dia adikan-tsika hanaovana asa tsy dia manao ahoana loatra? Tsia no valiny. Ireo diakra voafidy handroso ny sakafo tany am-piandohana tao @ fiangonana; alohan'ny nandaniana azy, dia tsy maintsy nanana fitondran-tena tsara, hendry ary feno ny Fanahy Masina. Taty aorina, ireo tompon'andraikitra ny fiangonana dia tsy maintsy nanana fitondran-tena, tena tsara (Tito, 1:6-9).

Koa raha te ho voatahy ianao sy hiroborobo @ asanao fantaro sahala @ Davida fa Andriamanitra no modelinao. Katsaho ny hatsara, mba hampampiratra ny voninahiny.

4. Aoka hahay hanome/hahafoy.

Raha nanaraka tsara ianao hatreto, dia ho azonao avy hatrany ny antony nanasongadinàna ity loha-hevitra ity: **malala tanana/mahafoy Andriamanitra**, antony anankiray amporisihina antsika hoy toy izany koa. Mitoetra ao amintsika ny Fanahiny, manoro antsika ho toa azy izy, ary mitaky amintsika izy mba hianatra sy hanahaka Azy toy ny zanaka malalany (Efez, 5:1).

Voakasika

amin'ny asany ny matianiana.

Maro ny andalan-

tsoratra ao @ Soratra Masina, miresaka ity lohahevitra ity, fa ny mikasika ilay jono mahagaga no mampifandray ny hatsara amin'ny fahafoizana /fahalala-tanana. Rehefa notemerin'ny olona maro Jesoa, dia nahita sambo kely 2. Ny iray tamin'ireo izay fampiasan'I Petera/Pierra, no nam-piasainy ho lampihazo. Rehefa vita ny toriteniny dia hoy izy tamin'I Simona: "mandrosoa hoany amin'ny lalina, dia alatsao ny araton'nareo ahazoana hazandrano." Fa Simona namaly ka nanao hoe: tompo ko, nandritra ny alina no efa nikelazanay aina nefa tsy nahazo na inona na inona; kanefanoho ny teni nao dia alatsako ihany ny arato. (...) Ka nahazo hazandrano be dia be izy, ka efa nisy triatra ny aratony. Ary izy nanatrika ny namany izay teo amin'ny sambo kely hafa, mba ho avy hanampy azy. Dia avy ire ny, ary nofenohiny ny sambokely 2, ka efa saiky nilentika. Ary rehefa hitan'I Simona I Petera izany dia niankohoka tamin'ny tongotr'I Jesoa izy ka nanao hoe: Tompoko, mialà amiko fa, olo meloka aho" (Lioka, 5:4-8).

Piera/Petera dia matianin'ny jono, hainy toy ny paosiny ny farihin'I Genesareta sy ny mombamomba azy rehetra (ora, toetr'andro hamantarana na ho tsara na ho ratsy ny jono). Ny tenin'ilay mpandrafitra mpitoriteny anefa dia nahakasika azy loatra ka nahatonga azy hanaraka ilay toro-hevitra. Ny hahavo mahagaga hananan'ity farany, voaporofa teo no ho eo, dia tena nahazendana ka na ny fiainany aza dia ho voamarik'izany.

Tsy ny

hatsaran'ny vokatra ihany no nahagaga an'I Simona fa ny **haben'ny fahafohizana** fonosiny. Tena lehibe izany ka, na ny arato aza saika hitritra ary ireo sambokely saika difotra, satria Andria manitra matetika manome arak'izay fetran'ny fahafaha-mandray.

Valiany soa izay mandray

an'Andriamanitra ao an-tsambony.

Ankehitriny, maro ireo

matianina amin'ny sehatra samihafa no mijoro vavolombelona fa misy vaha olana tekinka, ara-bola, ara-mpitsaboana, sns... No hitan'izy ireo tao aorian'ny nifandraisany tamin'I Kristy. Sahala @ Piera/Petera, ireo olona (lahy/vavy) ireo, dia nahatakatra ny hatsara sy hamoram-pon'ny Tompo **eo anivon'ny asany**. Voamariky ny fanambaran'Andriamanitra izay mahafehy tantera ka ny mekanika, ny botanika, ny

fikarohana,ny varotra tany/trano ets..ets izy ireo ary miankohoka eo an-tongony Miseho eo anoloany ho toy ny mpandrindra ny Tontolo ilay mpandrafitra avy any Nazare ta. Ilay zaza kely tao an-tranon'omby ,tonga Mpanjakan'ny mpanjaka ,nitsangana ilay voahombo! **Tena mahay mitantana ny raharahan'izy ireo I Jesoa**, ary nahatsapa izy ireo fa mendrika ny ho Tom po amin'ny asa ataony Izy.Nivoaka ny " Fiangonana " Izy ,ary miara-miasa amin'izy ireo (Simona dia tsy niankohoka tany @ sinagoga fa teny @toeram-piasany). Raha mijanona eo akaikiny izy, hamela na ho azy ny hamorampony ka hamoa hatsarana, hanitra sy voany amin'ny sehany avy.Hihalehibe izany miaraka @ fotoana ary hanamarika ny fiainany manontolo."Ary Izy,manome voa hoan'ny mpa mafy sy mofo hohanina dia hanome sy hahabe **ny voa** afafinareo ary hampitombo ny vokatra ny **faha marinana** dia hanan-karena @ zavatra rehetra hianareo ka handroso @ hitsimpo izay mahatonga ny fisaorany an 'Andriamanitra"(2 Kor,9:10-11).

Ny ambioka tena izy dia avy@Andriamanitra: fahaiza-manao, famoronana, fahendrena, hevi-baovao ,teny atao amin'ny antony,fahalalana,fahiratan-tsaina. Avo ny kalitaony, mahasahana ny sahan'asa rehetra ary mahavokatra be .Ny fitantanana an'izany ambioka izany amin'ny fitiavan-tena dia haha faty azy,ny fizarana azy kosa no mampitombo azy. "Izay manome ny malahelo tsy hananjava-mahory ;fa izay mitampi-maso hahazo ozona be" (Oh,28:27)

"Ary dia aoka ho avy ny Levita,satria tsy mba manana anjara na lova eo aminao izy;sy ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izay ao an-tanananareo,dia hihinana izy ka ho voky mba **hotahin'I Jehovah** Andriamanitrao hianao @ **asan-tananao rehetra** izay ataonao"(Deo,14:29)

Misy mpanefofo mandinika izay ny ataonao!

Nltanjaka

isika rehetra tonga teto @ izao Tontolo izao: Manontany antsika ny Tompo "Ary inona no anananao izay tsy noraisinao?" (1Kor, 4:7) Raha tsy eo ny hamorampon'Andriamanitra sy ny olona hafa ,tsy hisy ho afaka hiaina na ho zara fa velona.Izao no zavatra voamarika:amin'ireo kristianina maro;ao ireo manana ,malala-tanana sy ireo kahihitra;ao koa ireo mahatra malala-tanana ary ao ireo ory malala-tanana.Raha mahita mahantra malala tanana , ny manan-karena malala tanana ,iray dia mientana ny fony,ka ataony ho vononahitra ny fanampiany azy. Raha mahita kosa izy,olona ory anan kiray mahidy tanana ;mihidy toy ny fony ny poketrany.Andriamanitra izay sady mpanefofo no mala la tanana indrindra eto @izao tontolo izao,dia misafidy ny hitso-drano ireo izay malala tanana .Ireo izay tia harena loatra ,mahantra na manankarena,dia tsy handova ny Fanjakan'Andriamanitra" (1Kor; 6:9-10). Mety manohina izany, nefa tena misy ireo olona, any amin'ireo tany/faritra sahirana be, no ahitana olona malala tanana na dia mahantra aza , any koa anefa no mety ahitana ireo izay tsy tia mizara mihitsy. Eo amin'izay lafiny izay, tsy ny haben'ny fananana no zava dehibe, fa ny fo manolotra. Tadidintsika ny tantaran'ilay mpitondra tena malahelo nandatsaka farantsa kely. Hitan'I Jesoa fa **izy no nahafoy be indrindra**.

Maro ireo fiaraha monina sahirana; no miraikitra ao anatin'izany, noho ny fahihirana misy amin'ny tsirairay ao aminy.Tsy hoe akory ampidi-kizo ny ankohonana (@ fanaovana fanomezana tsy voalanja) na fanerena azy (@ alalan'ny famolavolana ny toe-tsainy /hanamelo-tena),fa amin'ny fananganana toe-tsaina faly manome sy manolotra. Misy tantara kely ity :nandritra ny seminera anankiray tany Gabon,dia nitantara ingahy CB tamin'ireo mpandray anjara fa,misy @ireo pasitera miasa any ambanivolon'I Bénin,no tsy mandray afa tsy dimy euros isam-bolana ;ho tambin-karamany.Ny afaka ampitson'iny,nisy vehivavy Tale anankiray nananto na azy nilaza hoe:"Niteny tamiko ny Tompo ,ity misy valopy hoana pasitera roa any Bénin".Tsy naha fantatra io vehivavy io,hoy I CB fa fotoana fohy tao aorin'io aho ,dia nanana fotoan'asa tamina pasi tera roa tany Bénin . 250 euros no tao antin'ilay valopy...

Tsy ho azonao an-tsaina ny hafalian'ireto mpanompon'Andriamanitra ireto, ny fahagagany! Fanampi ana avo roapolo eny @ ny karamany isam-bolana, avy aty Afrika, ary avy amina foko mampiasa teny hafa, vehivavy katolika manome pastora evanjelika! Mahazera manda ny herin'ny fahafoizana. "Mankalazà an'I Jehovah amin'ny fanananao sy amin'ny voaloham bokatrao rehetra; koa dia ho feno mitafotafo ny fitoeram-barinao, ary hihoatra ny ranom-boaloboka eo amin'ny vata famantazanao" (Oha,3:9-10).

Ny fahalalahan-tànana, tsy avy any amin'ny manana mankamin'ny sahirana fotsiny, fa na eo amin'ny tsirairay mankamin'ny manodidina azy koa aza. Paoly,raha niresaka ireo kristianina tany Makédonia, dia nilaza hoe:" Fa tamin'ny fahoriana be nizahantoetra azy no nitomboan'ny hafaliany,ary **ny hama fin'ny fahoriany** no nampitombo **ny haren'ny hitsim-pony**(fahafoizany).Koa vavolombelona aho fa araky ny zakany,eny ,mihoatra noho ny zakany aza,sady araka ny sitrapony ihany,no nanomezany" (2Kor,8:2-3) Ary mikasika ireo izay manana harena ,manoro hevitra azy izy; mba hanao soa,halala- tànana ary ho

vonona ny hizara amin'ny hafa."Anaro ny mpanan-karena amin'izao fiainana ankehitriny izao (...) mba hanao soa, mba hanan-karena amin'ny asa tsara, hazoto manome sy miantra (1Tim, 6: 17-18).

Maro ireo hetsika 'mahery fo', miseho aty Afrika. Ao ireo vehi vavy, ohatra, mitono katsaka amidy eny amoron'arabe, ao ireo tanora manangana orinasa madinika, manambotra ireo moto/mobility mifa naretsaka eran'ny tanan-dehibe, ao ireo izay misahana fanotàna ets... ets... Fa etsy an-kilany, misy toe-tsain'ny mpino sasany manao toa izao: raha mivarotra katsaka ny anabavy ao @ Kristy, tokony ho afa ka manome ahy anakiray izy, ary raha mpanamboatra moto na mpanota afisy ny rahalahy, dia mba tokony hiandry kely ny fandoavako ny volany! Ny fihetsika toy izany, zay heverintsika ho' bitika', no mety hampaharefo na hiteraka faty antoka, hoan'ireo rantsan'ny Fiangonana mba sahy namorona asa! Vokany, hatolontsika eo ampelatanan'ny -tsy mpino- ny toekarena! Mihena nohoy izany ny tanjaky ny Fiangonana eo amin'ny fiaraha monina.

Ny fihetsika -mahatsara-, dia mifanohitra amin'izay: "tokony hanome anao dimy arivo ariary aho, indro, iray alina no atolotro!", "satria atokisako ny asanao dia ataoko ho **adidy** ny manefa ny faktiora ko alohan'ny fe-potoana, hoatry ny hividianako fahana hoan'ny finday-ko". "Angaha moa tsy toko ny hifanampy ny fiaraha monina?" angamba hoy ny sasany rehefa kamo handoa izy. Mazava loatra fa tokony. Nefa tsy tokony ho ilay 'anabavy' na ilay 'rahalahy ve no hanome amin'ny nahimpony; satria izy no mahafantatra ny fahafahany? Fa tsy ho terentsika amin'ny 'hataka evanjelika' izy na hanaovantsika toetra tsy dia tsara hafa. Anisan'ny fitsipika fototra iray ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra: ny manome dia mandray fa, tsy hoe miady varotra tsisy farany, na dia hiteraka faty antoka hoan'ilay mifampiraharaha amintsika isaky ny mandeha aza izany.

Ireo komonista nanao hoe: "izay rehetra anao dia ahy koa"; izany filozofia izany amin'ny ankapobeny, nahatonga ireo izay nanana, lasa sahirana; ary ireo sahirana niha fadirano vana. Tsapa fa na ny Fiangonana maro aza ankehitriny dia tafiditra ao anatin' izany. Ny fahafoizana nisy tao amin'ny Fiangonana tany amboalohany dia nalalaka ary ny fananan'ny tsirairay voahaja (oh: "Fony tsy namidy, tsy anao ihany va izy? Ary rehefa namidy, tsy anao, hanaovanao izay sitraponao koa va?" (Asa, 5:4)

Ny fahafoizana dia, fomba' fiaina-manim-pofona! Tena sarobidy eo amin'ny fitoriana ny filazantsara izy, satria tohana azo hianteharana, manamafy ny fifankatiavana, mahatonga ny asam-barotra hahafinaritra, miteraka fahatokiana, mampiseho ny fitiavana ary isan'ny soatoavina ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

Raha te ho voatahy ianao amin'ny asanao ka hivelatra amin'izany; sahia mampiasa ny kajin'Andriamanitra. Avelao lzy hanendry ny torak'aratonao. Aoka ny hitsi-ponao/fahafoizanao hahay hamorona, ho azo antoka, ary mitohy toy ny Azy.

5. Aoka ho

marina/mahitsy.

Jaona

mpanao batisa dia nampifandray ny fahafoizana amin'ny fahitsiana. Raha nanontany azy ny olona hoe: "Inona no ataonay? "hoy izy: "Aoka izay manana akanjo roa, hanome anankiray hoan'ny tsy manana; ary izay manan-kanina, dia aoka hanao toy izany koa izy!" Raha nanatona azy ny mpamory hetra hatao batisa ka nanontany hoe: "Ry mpampianatra, inona ny tokony ataonay?" Hoy izy taminy: "Aza mampandao ny olona mihoatra nohoy izay notendrena halainareo." Tamin'ireo miaramila nanontany azy kosa dia hoy izy: "Aza mitohatoha foana amin'ny olona ary aza miampanga lainga, ary mianinà amin'ny karamanareo" (Lioka 3:10-14). Inona izany no hafatr'ilay lehilahy lehibe indrindra (Mat, 11:11) nateraka talohan'ny andron' i Kristy? Tsy inona fa: ny fanenenana marina, hamarinin'ny voa azo tsapaina. Inona avy ohatra izany voa izany? Tsy inona fa: ny hitsim-po/fahafoizana sy ny fahitsiana.

Mety ho niandry angamba isika ny hitakiana ezaka goavana; ara-tsaina, ara-moraly, ara-pivavahana; tsy izany velively. Andriamanitra tsy mitaky amintsika haka ny volana, fa ny fahafahantsika manome akanjo (mizara izay hananana sy tombontsoa) Ary ny tsy ampiasana ny tombom-pahasoavana nomena antsika (oh: toerana ambony) mba hanerena, hampitahorana na hamitahana ara-bola ireo namantsika. Ny fahafoizana sy ny fahitsiana dia mifanohitra amin'ny fitiavam-bola. Manamaivana ny vesatra zakain'ireo izay mifanerasera amintsika, amin'ny asa andavan'andro ataontsika izany." Ny mpanota dia enjehin'ny loza; fa ho valian-tsoa ny marina" Oh, 13:21). Efa nosaintsaininao ve: miliara/lavitrisa firy isan'andro no mety ho voatahirin'ny olombelona raha manao ny marina izy? Antonta taratasy an'taonina maro, rafi-piarovana, na fiantohana lafo vidy maro no ho azo hialana. Ahiahy maro, fifandonana, famonoan'olona, ady, fampidirana am-ponja sy hirifiry maro koa no hitsahatra. Misy karazany betsaka, eo anelanelan'ny mpangalatra rain-dahiny sy ny olo

marina iray, eo anelanelan'ny fiaraha monina lo sy ny iray izay mahitsy, eo amin'ny orin'asa maloto (fikambanan'olon-dratsy) sy ny orin'asa madio. Tsy afaka ny hanova ny firenenao na, ny orinasanao amin'ny indray mipi maso ianao, nefa afaka kosa hamafy ny fahitsiana. Joany/Jaona mpanao batista tsy nanao soso-kevitra ny hanafina ny tsy manana rehetra eran-tany, na izany aza mino isika fa farafaharatsiny; tsy manankotafiana antapitrisa no voatafy, vokatry ny hafany! Ny zavatra azonao hovana anio, dia ny fitantananao manokana ireo fari-bolam-pifandraisanao. Any amboalohany, mety ho toy ny rano indray mitete ao anaty ranomasina izany, fa sahala amin'ny aha fantarantsika azy ny ranomasina dia fitambarana tete-drano marobe. Raha toa ny biraontsika feno penina, gaoma na zavatra hafa, tsy antsika; raha toa isika mpampiasa telefaonina, fotokopia tsy nahazoana alalana, na koa ny fitahirizam-bokin tsika feno boky nindramina mba tsy haverina, na ny "salon" tsika feno "video K7" tsy antsika, ary ny toeram-piasantsika feno fitao vana tsy voaloha/naloha vola, mihevera isika fa voakasiky ny fahalovana ny fiainantsika.

Ny fahalovana : areti-mifindra.

Ny fahamarinana (intégrité) dia mahakasika ny sehatrasa rehetra, ny mpiasam-panjakana toy ny voa laza teo ambony dia ao anatin'ny **haika** ihany koa. Ny fahefany, ara-panjakana na manokana, dia to kony ampiasainy mba ho amin'ny fahamarinana, hamehezana ny ratsy ary hamporisihina ny tsara. Raha vao miala amin'izany zotram-pitondrantena izany izy, dia manjary jadona, loharanon-tahotra, fanindriana sy tsy rariny mahatsiravina. Ny mpiasam-panjakana mila voatsiary, tsy mivelatra sady tra try ny fahalovana dia mampikatro ny asam-panjakana ary manageja ny olo-tantaniny. Nisy dokotera vehivavy, avy amina tany mandroso iray, niteny mampieritreritra toy izao: "Taona vitsi vitsy lasa izay, tsy nahitana, na dia polisy iray aza nanao, kolikoly tany amin'ny firenenay. Ankehitriny kosa, tsy misy, tsy manao kolikoly ny polisy any aminay!" Ny fahalovana dia areti-mifindra, manimba izay rehetra sendra azy ary, tsy misy fetra. Olon-dehibe ambony maro, hoy CB, no nanambara tamiko fa, amina Oniversité/Anjeri-manontolo sasany, misy ny olona, mahazo diplaoma maha-mpitsabo, amin'ny alalan'ny kolikoly. Dia mba hevero ange hoe, mpampiasa an'izany mari-pahaizana izany izy avy eo, ka manokatra trano fitsaboana manoka na, nefa tsy nianatra (ary mety tsy hianatra) an'izany akory; mety ho azo vinavinaina ny vokany! Izany seho izany, dia mandiso ny zava-drehetra: tsy fantatsika intsony hoe aiza no tena izy/tokony aleha? Raha misy ohatra mpitandro ny filaminana, vao nibebaka ho olon'I Kristy, mihevitra fa ny fitiava-namana dia midika ho tsy tokony hanomezana sazy na iza na iza intsony. Inona no tokony ho eritreretina?

"Izay manamarina ny meloka, na izay manameloka ny marina dia **samy fahavetavetana** eo imason'I Jehovah" (Oh, 17:15)

Ny maha

kristianina ny mpitsara iray, tsy tokony hampalemy ny fahamarinana tandrovinay. Mety tsy mahafinaritra ny ampadoavina sazy/contravention; ary ny mpitandro ny filaminana nanome an'izany koa tsy voatery ho nampiatra ny lalàna am-pandinihina (mety ho ara-bakiteny/an-jambany), nefa ny asany dia manome -zo-azy hampiatra ny lalana. Ny fahefana avy @olombelona sy avy @Andriama nitra nomena azy dia tokony hitondra azy hanasazy ireo diso ary hankahery ireo manao ny marina. Etsy an-kilany, ny fahitsiana, hoan'ny mpanaradia an'I Kristy; mety ho nanao fahadisoana teo anan trehan'ny lalàna, dia ny fiakena sy fandoavana izay tokony ho onitra, mba ho fanitsiana ny tsy nety. Ny vava be, raha sendra tratra tamin'ny tsy fandoavana saram-piantsonana fiara, ohatra dia; izay rehetra mety hitenenantsika azy ankoatry ny hoe 'ara-panahy'!. Nisy Filoham-pirenena kristianina iray, nampiantso olona vitsivitsy tany amin'ny lapany indray mande ha, mba hanao famelabelaran-kevitra iraisampirenena, hoy CB. Nanomboka niresaka mikasika ny finoany izy aloha, ary avy eo ny dinidinika dia niompana, amin'ny fomba hitantanana firenena iray, ho ao anaty fahitsiana. Inona no atao raha mahenika ny sehatrasam-panjakana rehetra ny fahalovana, indrindra ny fadintseranana, ny mpitandro ny filaminana hatramin'ny fitsarana? Ny zavatra, no resahinay taminy hoy CB dia, amin'ny ankapobeny, ny kolikoly dia toy ny areti-mifindra, miantomboka amin'ny olona anankiray ary avy eo misandrahaka maro rantsana, ka lasa fahazarana. Ny fahitsiana koa anefa mora-mifindra. Arakaraky ny maha avo ny toeran'ilay mpampiasa azy ireo no maha mafy ny tanjany amin'ny lafiny avy. "Raha mihaino lainga ny mpanapaka, dia ho ratsy fanahy ny mpanompony rehetra." (Oh, 29:12). Raha diso gadona ny mpitarika hira, dia ny amboaram-peo no hihira mivalana. Fo totra lehibe, tsy azo hiodivirana izany, ny fisafidianana/fametrahana olona mahitsy amin'ireo antàna - tohatra rehetra, ka miantomboka amin'ny sehatra avo indrindra izany: ny Filoham-pirenena/ Gover nemanta, ireo minisitra ets.. ets. Raha

te hampisy fahitsiana.

Azontsika alaina sary antsaina ve hoe @ izao taonjato izao, amina **hopitaly lehibe** sasany, avela hirio rio eny ambany fandrinan'ny marary ny **voalavo** na koa **tapaka ny telefaonina** satria tsy voaloha ny sarany? Ny fahalovana sy fanaovana an-tsirambina no mpanimba/mpamotika ireo tetikasa tsara marobe ary mandoto ireo mpanampahaizana ngezalahy. Mikasika izay indrindra, mbola maro ireo Sekoly Fanofanana Ambony, no tsy mahatakatra; fa ny saina nosesehana, tsy ampy famolavolana toetra sy soatoavina avy amin'ny Evanjely, dia mety hamo katra mpandroba, mpangalatra sy izay demony rehetra lian-drà, sahala @ Pol Pot ohatra. Amin'ny tany tandrefana/ mandroso maro ohatra, dia tsy vitan'ny hoe no-sinontsiniavina ireo fampianaran'ny Kristy, fa tena nahilika, norarana sy nolavina tanteraka. Namolavola andiana-mpanabe "laika" maro voatefy tamin'ny tsy fankatoavana/ fankahalana an'izany izy, mba hanafoana /hamongorana, izay finoana kely sisa nitampify tao amin'ireo mpianatra. Mioty ny vokatr'izany zavatra izany ry zareo amin'izao fotoana izao: herisetra, fandrahonana/takalon'aina, zava maha-domelina, tsy fanarahan-dalàna, fanatisma no manenika ireo toeram-pibeazana isanisany, mahazo ny salan-taona rehetra. Maro ny manamarina ny fahalovany amin'ny filazana fa, teren'ny fiainana izy. Izany fialan-tsiny sadasada izany, raha mety handaitra any amin'ny sakaiza mpiara-misotro; dia mitazona kosa ny fiaraha-monina ao anaty tahotra sy fanandevozana. Hiteny amin'ireny Jesoa hoe: "Tsy fantatro na avy taiza na avy taiza ianareo, mialà amiko, ianareo rehetra mpanao meloka. Any no misy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify, raha mahita an'ny Abrahama, Isaka sy Jakoba ary ny mpaminany rehetra eo @fanjakan'Andriamanitra hianareo, fa ny tenanareo kosa dia voaroaka any ivelany" (Lio, 13: 27-28)

Ireo izay nisafidy ny ho faty ao anaty fahitsiana, toy izay migalabona ao anaty kolikoly ihany; no tena mpanitsy marina.

Azo
Mety

atao amin'ny anaran'ny Kristy daholo ve ...ny asa rehetra?

misy ve "Raharaha" manana sanda maloto? Eny. Ny raharaha rehetra (atao tsindraindray, mandavanandro na matihanina) ve azo atao @anaran'ny Kristy? Mazava loatra fa tsia. Misy famaritana ara-moraly mazava ao @Baiboly, mikasika ny asa izay, tsy misy hifandraisany @rafi-pandaminan'ny ratsy. Nisy tompona magazay mivarotra fitaovana elektronika; nanamarina ny varotra K7 mamoafoady nataony amin'ny hoe: raha tsy mivarotra an'izany izy, dia hividy an'izany ihany, any amin'ny hafa ny mpanjifany... Hadinony fa, amin'ny fanaovany izany dia, mamolavola mpanjifa vaovao, halaim-panahy ao aminy (fa tsy any amin'ny hafa) izy. Manamora sy mamporisika ny toetra ratsy eo amin'ny hafa izy ary; ireo mpihatsara velatsihy ihany angamba no afaka hiray feo, amin'ny fiarovan-tenany. Na dia afaka mamiratra ao anaty asa maro samihafa na eo aminà toerana tsy dia tsara aza ny fahitsiana dia, ilaina ny fahaizana mandà izay tolotra maloto. Ny mpitsabo mpanampy, izay terena hanampy @ fanalan-jaza, ny mpivarotra hanaovana tsindry mba hivarotra sigara, ny mpiantsehatra asaina milalao aminà horonan-tsary maloto ... dia tokony hijoro.

Ireo izay tsy vonona hizaka ny vokatry ny fahitsiany dia, hikorisa eo amin'ny elanelam-panahy. Azon-tsika atao ny "manempotra ny trondro amin'ny rano", amin'ny fahitana fahalemena amin'ny asa rehetra, fa ny mpamaky mahitsy saina sy te hanome voninahitra an'ny Kristy amin'ny asany kosa dia hahay hanavaka.

Misy vehivavy mananon-tena iray, niandraikitra zaza roa, nifanena taminà olona te haka vady azy. Mety ho azony natao ny niaina tao anaty tokantrano maso mba hitazonany ny "pension"-ny. Noho ny fahitsiany, na dia teo aza ny tenin'ny fianakaviany; nisafidy ny hanao mariazany izy, na dia fantany aza fa ny fanaovany an'izany dia hanafoana ny fahazoany ilay fanampiana isam-bolana (izay natevitevina ihany).

Fahaverezam-bola, asa, toerana, laza na ny aina mihitsy aza indraindray no tambin'ny fahitsiana. Nandritry ny fanadinana farany nataoko, hoy ingahy CB, fehin'ny fianarana efa-taona; nanampakevitra aho, ny tsy hangala tahaka. Tamin'ny nanaovako ny kisarisary elektro nika anefa, nisy namako iray, izay nahafehy tsara io taranja io nandalo." Eto no tokony hisy ilay antenina" hoy izy, nanondro ny taratasim-panadinako. Tsotra ny nandray gaoma, ary namafa ilay diso, nanaraka ny toro-heviny. Nipetraka tamiko ny safidy... Naveriko tsy nasiako fanovana ny taratasiko. Ary satria maro ny taranja nanadinana, dia afaka soa aman-tsara ihany aho. Volana vitsy taty aoriana, niditra tamina sekoly fianarana mitory Filazantsara aho. Tao dia nangatahin'ny Tompo aho, hanao fandaminana ny fiainako. Resy lahatra aho, ny tsy maintsy hanantonako olona, teo amin'ny efa-polo teo, izay nanana olona tamiko nandritry ny fahazazako/fahatanorako, mba hangataka famelana aminy. Tsapako tamin'izay fa raha nangala-tahaka aho tamin'ilay fanadinana, dia ho nanolo tsaina ahy ny Fanahy Masina mba hanoratra; any amin'ireo

tompon'andraikitra mahefa ka hiteny amin'izy ireo :”Miala tsiny tompoko,afaka asy nahazo diplaoma aho, saingy nangala-tahaka” .Tsy haiko hoe,mety ho inona avy no aterak'izany;fa nahatsiaro ho maivana aho nohoy ny nijoroako!

Afaka misafidy isika,ny hanao fanitsiana

ny fiainantsika anio,na hilanja ny henatra vokatr' Izany atsy ho atsy,na ahoana na ahoana.”Fa tsy misy nafenina izay tsy haseho,na takona izay tsy ho fantatra”(Lioka 12:2) .

Fahitsiana sa famitahana,fankatoavana sa faniratsirana: Elisa sa Absaloma ?

”Izay olona

mahatoky tokoa dia ho be fitahiana »(Oh,28 :20)

Vitsy ny mpisava lalana no

nahomby samirery,tsy nanana mpanampy azo antoka.Vitsy ny mpitondra tsy sendra mpamitaka.Ireo Elisa dia harena sarobidy,ireo Absaloma kosa dia toy ny lalitra eo amin'ny maso na toy ny tsilo ao ambalahana.Ny tontolon'ny asa ,dia ahitana olona maro amin'ireo karazany roa ireo.Ireto lehilahy roa ,ao anaty Baiboly, ireto dia mampiseho amintsika;izay toetrany misongadina.

Elisa ilay mpianatr'i Elia.

” Ary niala teo

Elia ka nahita an'I Elisa, zanak'i Safata,izay nampiasa omby(...)ary Elia nandroso nanatona azy,dia nanipy ny kapotiny,hanarona azy.Dia nandao ny omby izy,ka nihazakazaka nanaraka an'i Elia ary niteny hoe:Masina ianao,avelao aho aloha hanoro ka an'I kaky sy I neny vao manaraka anao.Ary hoy izy taminy:”Mandehana(...)Dia niverina(...)izy ka naka ny omby roa mikambana,dia namono azy,ary nandrahoiny tamin'ny hazo fiasan'ny omby ny henany ka nomeny ny olona,dia nihinana ireo, ary niainga izy ka **nanaraka** an'iElia,dia **nanompo** azy(1Tan,19:19-21)

Ny fotoana nandraisan'i

Elisa ny fandimbiasana.

”Ary nony efa hampakarin'iJehovah ho any

an-danitra amin'ny tafio-drivotra Elia,dia niara-nadeha avy tany Gilgala izy sy Elisa.Ary hoy I Elia tamin'I Elisa:Masina ianao,mijano na eto,fa Jehovah efa naniraka ahy hatrany Betela.Fa hoy Elisa:Raha velona koa Jehovah,ary raha velona koa ny ainao,tsy handao anao mihitsy aho!”(2Tan,2:2) Ny olona mahatoky,tsy maika amin'ny fandehanana/fahafatesan'ny mpampianatra azy,fa matahotra ny hiavian'izany kosa.

Ny tanjon'i Elisa.

Ary hoy Elia tamin'I Elisa:”Angataho izay hataoko ho anao,diény tsy mbola misaraka aminao aho”.Ary hoy Elisa:”Masina ianao,aoka ny anjaran-droa amin'ny fanahinao mba ho ahy”(2Tan,2:9)

Ny olona mahitsy fo dia manohy ny asa natomboka ary mampitombo izany tsy mivilivily.

Niantso

Elisa tamin'ny fotoana nisarahany tamin'iElia hoe:”Ry ikaky o,ry ikaky o, e ny kalesin'ny Isiraely sy ny mpitaingin-tsoavaliny!”

Tena marina sy lalimpaka ny

fitiavany(2Tan,2:12)

Ny lazan'i Elisa.

Ary hoy Josafata:”Tsy misy mpaminanin'iJehovah va eto hanontanantsika amin'I Jehovah?” Ary nisy anankiray tamin'ny mpanompon'ny mpanjakan'ny Isiraely namaly nanao hoe:”Ato ihany Elisa,zanak'I Safata,ilay mpanondra drano ny tanan'I Elia (2Tan, 3:11).Nanjary toy ny mpampianatra ilay mpianatra.Nifakaiky be ireto mpaminany roa ireto,ka indraindray ampifangaroin'ny olona.

Inona avy ary ireo toetry ny olona mahatoky?

-Elisa dia

nanàja fatratra an'I Elia ary nanaiky ny hosotr'Andriamanitra tao aminy.

-**nanompo** azy tam-

pitiavana izy.

-**nanana firaketam-po** taminy izy.

-**naka ohatra** taminy lalandava izy ka ny farany nitovy taminy.

-**matahotra** ny

fisarahana aminy izy.

-**manohy sy mampivelatra**

ny asa navelany izy.

Absaloma ,zanak'I Davida:toy ny kintana

mpanakanto.

”Ary tsy misy lehilahy tsara tarehy noderaina fatratra

tahaka an'I Absaloma teo amin'ny Isiraely rehetra ,fa hatrany amp-paladiany ka hatrany an-tampo-dohany dia tsy ,isy tsiny izy(2Sam,14:25)

Rehefa mipoitra ny tena toetsainy.

”Ary nony afaka

izany,Absaloma dia nanomana kalesy iray sy soavaly ary olona dimam polo lahy ho mpihazakazaka eo

alohany.Ary Absaloma nifoha maraina koa,dia nijanona teo anilan'ny lalana mankeo ambavahady,ka raha nisy olona nanana ady ho entina any amin'ny mpanjaka hotsaraina,dia nantsoin'I Absaloma ka

nanontaniany hoe:Avy any amin' ny tanana mba aninona ianao?Ary hoy izy:Avy any Ananona amin'ny

firenen'I Isiraely ny mpanomponao.Dia hoy I Absaloma taminy:Eny, tsara sy marina ny raharaha nao,saingy tsy misy olona voatendrin'ny mpanjaka hiaino anao.” Ary koa izy:”Enga anie ka izaho no voatendry ho

mpitsara amin'ny tany; ary ho avy any amiko ny olona rehetra izay manana ady sy teny ho tsaraina ,dia

homeko rariny izy!Ary isaky ny misy olona nanato na hiankohoka teo anolonany ,dia narosony ny tanany ,ka

noraisiny sy norohany izany olona izany;"Ary toy izany no nataony tamin'ny Isiraely rehetra izay nankao amin'ny mpa njaka hotsaraina;ka dia voafetsin'I Absaloma ho azy ny fon'ny lehilahy amin'ny Isiraely. (2Sam,15:1-7)

Ka tonga ny

fotoana.

Ary nony afaka (4) efa-

taona,dia hoy Absaloma tamin'ny mpanjaka:"Trara-antitra ianao,aoka aho hankany Hebrona hanefa ny voadiko izay nivoadiko tamin'I Jehovah". Tany Hebrona,no namolavolan'I Absaloma fanonganam-panjaka.Nitsoaka nankany Jerosalema Davida sy ny tan-dapany;Absaloma kosa nahazo ny lapa."Ary dia nanorin-day hoan'I Absaloma teo an-tampon-trano ny olona ary Absaloma niditra tao amin'ny vaditsindranon-drainy teo imason'ny Isiraely rehetra"(2Sam,16:22)

Fotoana fohy taty

aoriana,maty tamin'ny ady Absaloma;raha nitady hamono an-drainy.Tafaverina tamin'ny fitondrana Davida.

Tsy misy na iray aza,afa miala amin'ny fitondran'ny

lanitra."Fa **izay rehetra** manandra-tena no haetry;ary izay manetry tena no hasandratra."(Lioka,14:11)

-manana

Inona avy ary ireo toetry ny mpivadika?

tombondahiny maro izy,oh :tsara tarehy,tian'olona ary kinga.

-manana tekinka **avo-lenta**

ary manao izay hahazoana toerana tsara.

-manangana antokon'olona mpidera

azy.-**maka fotoana** ary **tapa-kevitra** .

-dokafany izay tsy faly ary **atodiny amin'izay tsy**

mety (ary izay tsy ety hiany) ny mason'ny mpitazana.

-avy eo izy miteny hoe:"Eh,raha mba izaho mantsy ...**ataoko** ho toy izao...ka ho tomombana kokoa."

-mahay **manararaotra** izy,ka izay zava-mitranga na krizy dia ahafahany mandroso ny vatompanorony.

-fitahiny/volavolainy ny fijeri'ny mpifanandrina aminy.

-rehefa

tontosa ny teti-dratsiny,**miseho amin'izay ny haratsiany**,na hasiahany sy ny toetryny lozabe.

Ny faha-samy hafan'ny olona mahatoky sy ny mpivadika dia ,toy ny andro sy alina.Ny iray mpanangana,ny

faharoa mpandrava;ny iray manamafy,ny faharoa kosa mpanimba. Ny iray mitondra fifankatiavana sy

fandriampahalemana,ny faharoa ady sy heloka.Ny iray tsy mitady ny azy,ny faharoa tsy mitady/mahita afa

tsy ny tombontsoany.Ny iray manome ,ny faharoa mitaky.Ny voalohany mitondra

filaminana/fahafenoana,ny faharoa hirifiry / fahantrana.Ny iray mitsabo,ny faharoa mandratra.Ny

voalohany tia,ny faharoa manka hala ,sns,sns.

Ny fahefana sy ny fankatoavana.

Ny fivadihana

matetika, dia mifamatotra amin'ny fiavonavonana sy ny mpanampy azy : ny tsy fankatoavana.Ny olona

mahatoky kosa dia manana fanetre-tena ary nohoy izany izy,mahay manoa.

Tsy nanindrahindra na iza na iza I Kristy;nankasitrahany ampahibe maso kosa nefa ,ny fino an'ilay kapiteny

romanina anankiray.inona moa no ninoan'ity manamboninahitra ity? Rehefa nampaniraka olona

hampiantso an'I Jesoa izy;hanasitrana ny mpanompony, dia nampitondra teny hoe:"Tompoko aza

manahirana ny tenanao ianao;fa tsy mendrika hidi ranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho(...)**fa mitenena**

hiany ,dia ho sitrana ny ankizila hiko.Fa izaho koa mba lehilahy **manan-dehibe** ihany,ary **manana** miaramila

izay **feheziko** koa ;hoy izaho amin'ny anankiray;mandehana dia mandeha izy,ary amin'ny anankiray koa:

Avia,dia avy izy,ary amin'ny mpanompoko;ataovy izao ,dia manao izy.

Ity olona ity dia

nahatakatra ny herin'ny fahefana sy fankatoavana.Eo amin'ny lafiny miaramila,manatanteraka sy manome

baiko izy;manaja izy ary hajaina,mahatsapa izy fa tsy mendrika,ka maninona na tsy ho avy any an-tranony

iKristy,fa amin'ny alalan'ny fankatoavany ny Rainy ,dia manana fahefana hibaiko sy hanasitrana izy.Teny

iray avy aminy dia ampy hamerina ny fiainan'ny mpanompony amin'ny laoniny.

Raha

naheno izany teny izany Jesoa,dia nitodika ary niteny tamin'ny vahoaka hoe: "Lazaiko aminareo fa tsy

mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho ,na dia tamin'ny Isiraely aza."(Lioka,7:6-9)

Ny mpanjaka voalohan'I Isiraely dia nolavina satria nandà izany fittsipika izany.Hoy ny mpaminany Samoela

taminy:"Moa sitrak'I Jehovah ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa alatsa-drà mihoatra noho ny mihaino

ny feon'I Jehovah?He! ny manaraka no tsara noho ny fanatitra,ary ny mihaino no tsara noho ny

saboran'ondrilahy.Fa ny miodina dia toy ny heloka amin'ny fankatovana ary ny ditra dia toy ny manompo

sampy terafima. Satria **nandà ny tenin'I Jehovah** ianao,**dia nolaviny tsy ho mpanjaka** kosa."(1Sam,15:22-

23)

Ny fankatoavana

hatramin'ny antsipirihany ary avy amin'ny fo,dia lafo vidy eo imason 'Andriamanitra sy ny olona.Sambatra

ny olona mahazo sy mampiàtra an'izany!

Nisy mpikambana roa avy amin'ny ekipan'ny Porteurs de

vie (Soisa), nandeha nanantona ,ilay evanjelista Reinhard Bonnke ;mba handray torohevitra aminy indray

andro.Teboka roa no notsipihany tamin'izany:"Ny zavatra sarotra indrindra amina fanomanana ekipa tsara ,hoy izy:dia ny mahita ireo izay nantsoin'Andriamanitra ary,avy eo ,ny manavaka ireo izay tsy nantsoiny kosa.Zava-dehibe ho ahy koa, hoy izy,ny fankatoavan'ireo iray tarika amiko ahy "

Raha te ho voatahy sy hivelatra amin'ny asanao ianao,ampiharo ny fahitsina,aoka ianao ho azo antoka hoan'ny olona rehetra,hajao ny fahefana, ary ataovy izay hanajan'ny olona eo ambany fifehezanao anao.

6.Aoka ho mahatoky amin'ny kely.

"Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra ,dia mahatoky koa amin'ny be; ary izay tsy marina amin 'ny kely indrindra dia tsy marina koa amin'ny be."(Lioka,16:10) Ary amin'ny fampifanoherana ny –tsy

fahamarinana sy ny -tsy fivadivana ;no ametrahan' iKristy ny fifandrohizan'ny fahamarinana sy ny fahatokiana.Ny fiainana dia fifandimbiasana zavatra kely maro,izay raha efaina/tontosaina ampahatokiana,dia mifandrafitra /mifandrany,ary mifandrohy/mifampitarika tsy miato .Ireo tetikasa lehibe no tanteraka,dia vokatra izany.Tsy misy orinasa iray afaka mahomby/mivelatra raha tsy ao ireo mpiasa mahatoky amin'ny kely.Tsy misy fitaovam-pitanterana,fitavona elektronika,informatika ho tafavoaka avy any amin'ny orinasa ka ho azo antoka ;raha tsy teo ny toetra mahatoky sy toe-tsaina ambony matihanina.Toa izany koa ny fandidiana,tsy afaka miala amin'izany. Na dia heverina ,ho tsy dia goavana loatra aza ny akony eo amin'ny fifandraisana maha olona,tsy azo hamaivanina izy.Hisy foana,ny olona hanao 'fihetsika elefanta ao anaty magazay mpivarotra entana bakoly'; no sady hiedinedina ! Fa, izay zatra mitandrina ireo bakoly kely kosa,tsy maintsy hioty fankatoavana/fankasitrahana lehibe mihoatra an'ilay izay nanitsakitsaka azy.

Mijery ny an-

tsipiriam-piainantsika Andriamanitra.

"Ary Jesoa nitodika nijery

an-dravehivavy ka nanao tamin'I Simona hoe:Hitanao va io vehivavy io ? Niditra teto an-tranonao Aho,nefa tsy mba nanome Ahy rano hanasana ny tongotro ianao,fa izy kosa nahakotsa ny tongotro tamin'ny ranomasony,dia namoaka azy tamin'ny volon-dohany.Tsy mba nanoroka Ahy ianao,fa izy hatrizay nidirako,dia tsy mbola nitsahatra nanoroka fatratra ny tongotro.Ny lohako tsy mba nohosoranao diloilo akory ,fa izy kosa nanoso-menaka manitra ny tongotro"(Lioka,7:44-46). Manasa,

mamafa, manoroka, manamanitra... ny tongony.Mijery sy manisy lanjany ny antsipiriany Jesoa, inona ary ny antony? Ny valiny dia: tsinjo tao amin'ny antony nanosika ilay fihetsika: **ny fitiavana**.

Mivoitra ,eo amin'ny antsipirian'ny fihetsika ataontsika foana ny fahalehibiazan'izany. Maro ny fomba isehoan'izany:

- valin-taratasy, tanteraka sy feno fitiavana.
- fanajana ny teny nifanomezana.
- fanampiana an-kitsim-po.
- fanomezana vaovao.
- fanajana fotoana.
- fihezahana hanome kalitao.

fahaiza mandray ,mampiana olona,mihaino am-pitiavana tsy manilikilika na mitaredretra Ny fahalalam-pomba, ny fanajana(tsy fihatsaram-belatsihy),dia soataovina,tsy azo sandai na ary simenitra manamafy tontolom-pifandraisana maha-te-honina sy mateza.Saingy an dalam-pahafoanana izy ireny ,ka tokony harovana.Tokony hasiam-piheverana haingana angamba, ny tokony handrafetana programa an-tsekoly mikasika an'izany,ary atao ana ty loha hevitra resahina ,isak'izay misy fihofanana arakasa isan-kerinandro ohatra!

Ny mandray sy ny raisina ,dia fiantombohana ihany.Tadidintsika angamba ny andro voalo hany nidirantsika an-tsekoly,na tany amin'ny toeram-piofanana na toeram-piasana vao vao.Tamin'ireny fotoana ireny ,ny fontsika ;indraindray, nitalaho mangina hoe:"mba tiavo aho ,omeo toky sy fankaherezana aho" Ny fahalemen-tsika manoloana ny tsy fantatra dia mampivoatra ny zavatra rehetra antsipirihany. Izay fahatsapan-tsika amin'io fotoana io dia hitoetra ela na manrapahafaty eo amintsika.

« Izay mandray anareo ia mandray Ahy ; ary izay mandray ahy dia mandray izay naniraka

Ahy. »Mat.10 :40

« Fa na

iza na iza no manolme anareo rano eran'ny kapoaka hosotroinareo, satria an'i Kristy ianareo, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho very ny valim-pitiany »(Marka 9 :4) « Dia hamaly ny mpanjaka ka anao aminy hoe : Lazaiko aminareo marina tokoa ; araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko. » (Mat 25 :40) Inona ary no nataony taminy ? Nomeny rano sy sakafo, nampiatranoiny, nampiankanjoiny, nositrany ary novangiany.

NY FILAMINANA SY NY FAHADIOVANA

Andriamanitra dia Andriamanintry ny filaminana. Raha mampitombo ny mofo sy ny azan-drano Jesoa, nangataka ny mpianany izy hanangona ny sombistombiny tavela.(Mat 14:20) Raha nitsangana t@ maty izy ny mosara izay nafehy ny lohany[...] voavalona mitokana.(jaona 20:7)

Mety hievitra ve isika fa ireo lalana a @ Jerosalema vaovao dia ho feno poti-taratasy ? Na ny tranon-tsika any an-danitra haloto na mikorotana? Tsia.@ asantsika ny fahatsarana sy ny filaminana dia soatoavina avy @ fanjakan'Andriamanitra

- Ny fahatokiana @ zavatra madinika dia manokatra varavarana lehibe. P56

Nisy fotoana maro ireo mpifindra monina tonga tany Hong Kong ary Thailand hipoka alona ireo toby nefa ny toerana fidiovana/fivoahana matetika tsy nisy? Tsy nahita olona hiandraikitra an'izany ireo fikarohana misaha n any fanampiana @mahaolona. Izany asa izany no nampianandraiketin'ny fm(firenena mikambana)sy ny vokovoko mena ireo "jeunesse en mission" handavaka lakan-drano, hametaka ireo lava-piringa ary ary hanadio an'izany ho an'izay efa nanana. Tao arian'izay, ny paositra, ny fanamboarana kiraro, ny fitsaboana sy ny toeram-pampianarana zaza madinika dia tafiditra tao anatin'ny andraikitra nomena azy ireo.

Raha dinihin-tsika ny asa voalohany nataon'ireo olona ao @ baiboly dia ho tsapan-tsika fa ny toetra mahatoky nananan'izy ireo t@izany matetikla no lasa fototra ho an' ny fivelarana bebe kokoa aty aoriana ohatra.

Josefa	Tonia	Praiminisitra
Mosesy	Mpiambina	Mpanafaka sy mpitarika
Josoa	Mpanompo	Jeneraly ambony
Deboraha	Mpaminany	Renin'@Israely
Gideona	Mpamboly	Mpanafaka sy mpitsara
Samoela	Mpanompo	Mpisorona
Rota	Mpifindra monina, mpitsimpona salohim-bary	Mpitantana
Eotera	Mpianatra	Mpanjaka vavy
David	Mpiandry ondry	Mpanjaka
Esdrasa	Mpampianatra ny lalàna	Mpamolavola fanovana
Nehemia	Mpandroso divay ny mpanjaka	Governor
Elisa	Mpiasa tany	Mpamonany

Daniela	Mpianatra	Mpanolo-tsain'ny mpanjaka
Amosa	Mpiompy	mpaminany
Jonasa	Tantsambo	Mpitory teny
Jesoa	mpandrafitra	Apostoly/mpampielany ny evanjely
Petera/Piera	Mpanjono/mpianatra	Apostoly
Filipo	Diakra	Evanjelistra
Paoly	Mpitory teny	Apostoly

Rehefa mamakivaky ny soratra masina isika dia mahita fa izay manao fanompoana; ety an-tany ia voatendry hitondra. Ny asa atolony /ataony no mitondra tsikelikely fahefana ho azy. Paoly ohatra dia nanoritra fa ny tsy fivadihana dia tsetra fototra amin'ny antsom-panompoana : “misaotra an’I Kristy Jesoa tompon-tsika ao, izay mampahery ahy, fa nataony mahatoky aho ka notendreny ho amin’ny fanompoana”(1 Tim 1-12). Ity farany ity izany dia tsy vokatry ny fiainana nidonana-poana na varaarana ivoahana ho an’ireo kristianina matahotra ny ahavery ny maha izy azy satria :”[...]fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony olona mahatoky.”(1 kor 4-2)

Avy ny andro, rehefa tafapetraka ny fifampitokisana, misokatra ny varavarana ho @ andraikitra ambony. Sahala @izay efa notenenina tary aloha, voafidy hanompo ny mpanjaka I Daniela noho ny fahaizany. Lasa lehiben’ny olo-kendry tao Babilona izay raha toa Andriamanitra afaka nandrakotra azy an’izany fahalalana izany ka nahatonga azy ho voatendry ho @toerana , ia tokony ho aaka koa izy mametraka kristianina mahatoky sady feno ny fanahy Masina @ fampahalalam-baovao @ fahita lavitra na koa ministry ny atitany na filoham-pirenena iray. Ny tsirairay no tokony hiomana.

Hoy ingahy CB hoe:” raha izaho manokana dia vizaka @fandrenesana ny fanoloran-tenan’ireo olona manam-pahefana maro aorian’ny fotoam-piasana.Na dia mahafaly azy aza izany;tsy tsara kokoa ve ny nanompoan’izy ireo an’Andriamanitra t@fotoana nitazomany ny andraikiny sahal@ Daniela na Estera? Mety hisy ve indray andro taranaka/andiana kristianina vaovao mahatoky, sady mahavita hitsangana hiala@tsy fahasahiana mijoro?

Raha te ho voatahy ianao @ asanao ary ivelatra @izany aoka hahay hanome lanja ireo zavatra heverina ho bitika “Toy ny fahaiza-mandray, ny hatsaram-panahy, ny fahadiovana. Aoka ho vonona hanantanteraka ireo asa faran’izay tsootra/ambany sahala@izay manan-danja ampatokiana

7 – **Alaviro ny hakamoana, ekeo ny fiatoana/fakan’aina**

Tsipihana ety am-boalohany fa ny andalan-tsoratra manaraka eto dia tsy natao hanome vesatra fanmpiny ho an’ireo izay tsy an’asa na ireo izay,mangirifiry noho ny fahasembanana(mety hanjo ny tsirairay avy amintsika izany) fa kosa natao hianarana ny fototra ara-baiboly ny votoatin-kevitra resahintsika dia ny “asa” izany.

“Henemana no hiasanao, fa @andro fahafito dia hitsahatra ianao na dia @ taom-pamafazana sy @ taom-pinjinjana aza dia hitsahatra ihany ianao” (Eks, 34:21)

Voalaza mazava tsara eto ireo fototra hafa mpitondra fitahiana. Inona avy ary izy ireo? Miasa, miala sasatra ary tsy mampifangaro ny zava-drehetra!

Miasa

“**Izay miasa ny taniny** dia ho voky **hanina**.Fa izay **manaraka ny olom-poana** dia ho voky **alahelo**

kosa”(Oha,28:19).

”Fa fony mbola teo aminareo ihany aza izahay,dia nandidy anareo hoe :”raha misy tsy mety miasa ,dia aoka tsy hihinana izy:”Fa renay fa misy ny sasany eo aminareo tsy mitoetra tsara, ka tsy miasa akory fa mivezive zy foana miraharaha ny an’ny olona ary izay manao ,toy izany no didianay sy anarinay ao @ny Jesoa Kristy Tompo, mba **hiasa tsara @ fiadanana**,ka **hihinana izay azy** ihany.(2 Tesa,3:10-12).

Na inona na inona karazana sahan’asanao,mila rindra/gadona,faharetana,tsy fivadibadihana izany.Ireo saha nohajarana/voavoly dia marefo.Ny fifandimbiasan’ny vanim-potoana,ny orana, ny rivotra ,ny hafanana no hiankinan’ny fiainany.Mitovy @zany koa ireo zavatra/asa hiandraiketana-tsika.Ny fomba fiasa tsy misy varany/maodiny dia mety hiety amin’ny fotoana fohy ,fa @lavitra ezaka, manimba ny saha izany, ary hampihena ny vokatra.Rentsika @ fahampalalam-baovao indraindray fa,noho ny fiovaovan’ny toetr’andro dia very ny 30% na 80% ny vokatra tamin’ny sehatra iray ohatra.

Raha toa kosa feno sy tontosa ny fepetra rehetra hiohatra ny taha-pamokarana mahazatra lavitra no ho azo. Ny tenin’Andriamanitra sy ny natiora dia manoro antsika ny lalana mankamin’ny famokarana be dia be. Raha ilaina ny fananana faharetana ; ny tanjon-tsika dia tsy ny tsy fahafatesana/na velon-dratsy akory fa fananana fiainana be dia be.

Ny fiasana ampitoniana, ampitohizana dia heverina fa mitaky **fitsipim-piainana madio** .Ireo tenin’ny Soratra Masina tetsy ambony ireo dia miantefa amintsika mpino. Fankam-panahy mpahazo ny olona indraindray ny fitazomana hevi-dravina izay tsy mitondra afa-tsy fahantrana ara-bola sy /na ara-moraly. Misy karazan’olona, mafana fo ivelany nefa tsy mitondra vokatra, satria tsy milamina ny fiainany. Indraindray izy ireny mahita asa tsara ary mampiseho tena fahaiza-manao, saingy ny fiainam-pianakaviany, sosialy na ara-pivelomany dia ambony ambony ka mandrodana tsikelikely izay rehetra mijoro. Fefika ny sahanany, tototry ny tafiotra, ary main’ny masoandro. Nanantena voam-bary izy nefa nijinja fahantrana. Ny fanamby ho an’ny olombelona tsirairay dia ny fahatakarana fa Andriamanitra dia mindry antsika hiarra hiasa aminy amin’ny lalany rehetra. Omeny ny zaridaina, anjaran’ny olombelona ny miasa sy mamboly. Omeny ny aina ny andian’omby, anjaran’ny olombelona ny miaihy an’izany. Omeny ny akora, ny olona ny mitrandraka, manodina sy mampanjary an’izany. Izy no manome ny hakingan-tsaina, ny olombelona mianatra ets... ets Izany fomba fijerin’Andriamanitra izany dia mankahery sy mampisy lanja ny asa ataon-tsika. Mpiara miasa @Andriamanitra isika(1 kor 3:9). Ny fahatakarana sy ny fiainana an’izany dia hitondra zotom-po ; ny fiheverana fa afa-miala @ izany isika dia famitahan-tena. Mitranga ity farany ity rehefa antenain-tsika @Andriamanitra , izay andrasany amintsika. Tsy anjarany ny mamboly na dia hitalahoantsika aminy aza izany tsy hanao izany izy. Ny toetra toy izany raha tsy maharitra afa-tsy andro vitsivitsy dia tsy miteraka fahavoazana loatra, ny fikolokoloana azy kosa no miteraka fahantrana.

Nisy mpaminany moderna iray niteny hoe : ”Nohoy ny fahakanosana sy ny tsy fahampiam-pitiavana dia aleon-tsika mivavaka toy izay manomana sy mamolavola tena”. Ao ireo izay mivavaka raha tokony hiasa, mamery tena aminà fomba fihevitra hafahafa sady mitarika an’ireo izay marefo ara-piasana amin’izany. Ao indray ireo izay tsy mahatakatra ny hasarobidin’ny tsy fiovaovana/faharetana eo @asa, ka miaina ny hirifirin’ny fandroahana misesisesy; izay misy akony eo @ankohonana sy ny tokantrano. Lasa mpiana-draharaha foana izy ireny, voatsindry sy matahotra.

Misy zavatra faran’izay tsotra nefa tena manan-danja :ny fahaizan’ny lehilahy/vehivavy asa iray dia efa fototra harena ho azy sahady.

”Nandalo ny sahan’ny kamo, sy ny tanim-boaloboky ny tsy ampy saina aho ; ary indro feno sampy vato izy sady voasaron’ny amiana ary nirodana ny ampian-tany vatony. Dia nojereko ka noheveriko tsara, eny hitako ka nahazoako hanatra. Mbola hatory kely ihany, mbola ho renoka kely ihany. Mbola hanohon-tànana kely hatory. Dia ho tonga toy ny mimaona hamely ny halahelo ary ny fahatranao ho toy ny jiolahy”(oh : 24:30-34)

Izaho, ianao, isika tsirairay avy dia manana saha hiandraiketana, ny fikarakarana izany, ny fanondrahana sy fiarovana azy, ny faharetana, ny fiotazana dia andraiki-tsika. Ny fahagagan’Andriamanitra dia tsy majika, manantanteraka ireo hevi-dravintsika, fa mahagaga: ny vary na ny dipaina, vokatry ny sahy novolentsika.

- **Ireo hevi-dravina hafa , fototry ny fahadisoam-panantenana eo amin’ny asa; ka miteraka fahantrana**

- Ny fametrahana : ny tena, ny hery, ny planina, na ny asa mihoatra ny hahavo tokony hisy azy : maro ireo miandry fankasitrahana, na fiangaviana, na fanompoana nefa tsy mahazo izany ka tezitra. Ny olana dia tsy nahatakarana'izy ireo ny kalitaon'asa noheveriny fa natolony ary izy ireo ihany noo toa tsy mahafantatra izany.
- Ny fanolorana tetikasa anankiray amin'olon-kafa alohan'ny andraisan'ny tena andraikitra ao anatin'ny misy olona nanonofy indray andro fa teo anoloan'ny lataatra fametrahana entana notantan'ny anjely anankiray. Nanantena izy fa afaka hividy eo ny zavatra ilainy rehetra. Nanontany izy sakafo ho an'ny olombelona rehetra, vahaolana ho an'ny ady rehetra, itsaboana mahomby ho an'ny tsirairay...Nijery azy tam-pitiavana ilay anjely nanao hoe: " Ramose, ambioka no amidy eto fa tsy voankazo..."

Ny karazan'olona toy izany rehefa maheno azy miresaka ny vinany isika; dia mampilendalenda ary mamporisika antsika mafy hiditra; ohatry ny ho efa vita ny 3/4 ny asa. Raha sendra mametraka fanontaniana voafantina nefa isika, dia ho tsapantsika fa tsy mbola nanomboka namoritra tanan'akanjo ho amin'ny fanantanterahana izany akory izy. Mbola eo ampikarohana olona hanantanteraka ny nofinofiny hay izy. Ny mpitarika nahomby indrindra,ka nahasarika mpiasa/vahoaka maro hanara-dia azy dia,ireo izay mandeha/miasa eo aloha.

-Ny fitadiavana fankasitrahana mialoha ny asa: nisy olona anankiray nanolo-tena ho mpitsidika/ mpamangy fonja .Nangataka "famantarana "avy amin'Andriamanitra izy;ho hazavainy mazava tsara @ lehibe mpanapaka ny finoany ,raha manaiky ity farany,dia izay no heveriny fa faneken' Andriamanitra azy amin'ilay andraikitra!Ny lalana mifanohitra @izay no natolotr'I CB ,mba ataony: "mailo tahaka ny menarana,ary mora tahaka ny voromailala"(Matio,10:16).Manao ilay andraikitra am-pahamatorana sy ampitozoana ary mikatsaka ny hatsara hatrany.Rehefa avy ny andro ,vokatry ny asa ataony ,misy mpifonja taloha /voafonja mijoro vavolombelona mikasika ny fahombiazan'ny famerenana azy eo anivon'ny fiaraha-monina indray ,amin'izay fotoana izay; ho maro ny vara varana sy sofin'ny tompon'andraikitra hisokatra, mba hiaino ny anton'izany fahombiazana izany.

Tsara ho marihina koa anefa fa misy ny mifanohitra @ izany:maro ireo mpiasa tena misongadina, nahatratra ny fisotroan-dronono nefa tsy nanandratra an'Andriamanitra mivantana,teo @ mpiara miasa na teo @ mpampiasa nandritry ny fotoana niasany.Mihevitra izy fa tokony ho nahatsikaritra sy naminavina izay antony lalina,sy soatoavina nanosika azy hanao izany ny manodidina.Mbola hadisoan-kevitra iray koa izany. Ao ireo izay milaza fa @ ity resaka iray ity ,dia tokony hankafizin'ny olona aloha ny feon'kira ,izay vao omen any tonony,tsy tsara/tsy mamokatra anefa ny mihoa-pampana ny fomba fiasa mitohy ary tsara (feon-kira)dia hiteraka fiainoana manokana(ny tonon-kira)

Mahalala olona iray aho(hoy ihany CB)manam-pahaizana momban'ny fitantanana ara-bola, ary miray lataatra matetika @ manam-pahefana ambony.Rehefa mifarana ny sakafo dia mangataka fahanginana @olona ny filoha ary manome azy ny fitenenana manao hoe :”hitantara @tsika izao ramose ranona mikasika ny zava-niainany niaraka t@ Jesoa ny herinandro lasa teo” Mihaino tsara sy ampanetren-tena daholo ny rehetra nahoana hoy ianao? Satria avo lenta ny kalitaon'ny feon-kira.

- Ny tsy fahafantarana tsar any mpiara miasa :raha ohatra ny iray @izy ireo “masa” nefa isika miandry ay haheno na koany iray hafa “sofina”nefa isika mitaky ny hitenenany dia hoa lehibe ny fahaisoam-panantenantsika.

***Ireo asa tsara**

Ny testamenta vaovao dia ahita ny teny asa tsara in-26. Tsara ny manamarika fa tsy misy nampiasana izany amin'ny lafiny ratsy .”fa asany isika ,voaforona tao @ kristy jesoaka mba hanao **asa tsara** izay namboarin'Andriamanitra mba handehanantsika eo aminy (Efe 2:10)misy ny mpitory teny izay tsy miresaka momba ny asa tsara raha tsy @ lafi-ratsiny.

Ny

fanipihana fa ny famonjena nataon'i kristy ho antsika dia maimaimpoana, zava-dehibe ,tsy maintsy tondroina ihany koa anefa ireo asa-maty ;ny fanafenana ,fanakonana ,fanamaizinana na fanamaivanana ny fanaingonana ao @ baiboly ,ny fankasitran'Andriamanitra ny fiainana sy feno asa -tsara maro dia mampalahelo;ireny asa ireny no porofon'ny finoana tena izy .Raha hiverenantsika ilay lisitry ny olona notsongaina tao @ baiboly tary aloha dia ahita isika fa niantso mpiasa ihany koa Andriamanitra . Ohatra ilay vehivavy natsangan'i Piera /Petera nantsoina hoe dorkasy dia niasa tsy ankiato (nanao soa)sy nanampy ny mahantra .Naseho ny apostoly (ireo akanjo sy kapaoty namboarinny) .izany dia mampiseho (fa ny asa tsara atao sy ny fivelomana dia mifamatotra akaiky).Ny filazana hoe:"anio aho hiasa mandritry ny andro ,ary raha misy ny fotoana @ ny hariva dia hanao asa tsara " dia karazana herezia (hevitra manohitra ny finoana).Hoan'i dorkasy ohatra ny fanamboarana ireo akanjo dia tafiditra ao anatin'ny soa izay ataony hoan'ny manodidina azy.

Ny analana manaraka dia mahakasika ny asan-tsika.Sarotra ny hitanisa sy hamahavaha azy rehetra,azontsika atao kosa nefa ny mandinika izany:

Fanaovana asa tsara	1Tim 2:10	
Manankarena @ asa tsara	1Tim 6	Voavotra ho @ asa
tsara rehetra	2Tim 2:21	Mazoto @ asa tsara
	Tito 2:14	Vonona ho @ asa tsara rehetra
Tito 3:1	hitompoana sy hotandremana ny hanao asa tsara	Tito
3:8	Mitandrina hampandroso ny asa tsara	Heb 10:24
Mahatanteraka ny asa tsara rehetra	Heb 13:21	
Aoka hazava eo imason'ny olona [...]		mba ahitany
ny asa soa ataonareo ka hankalazany		
ny rainareo izay any an-danitra	Mat 5:16	
(...)mba hankalazany any an'Andriamanitra @ andro		
famangina noho ny ahitany ny asa tsara ataonareo (...)	1Pet 2:12	

Raha toa moa ireo asa ireo efa tafiditra @ asantsika (andavanandro),aza adino fa mbola afaka mandray anjara @ ireo asa an-tsitrabo koa isika .Any Etazonia ,ny pasitera rehetra tao @ tanàna iray dia niangavy ny ben'ny tananany ny hiafampizarany @ izy ireo ny olany.Dia nolazain'ity farany fa eo aloha ireo zaridaina izay zary lasa fanariam-pako. Tsy nanam-bola intsony ny kaominina hiatrehana an'iany .Nanapa-kevitra ary ny Kristianina an-jatony indray sabotsy miaraka @ aro Tanana sy gonim-pako hamerina an'izany @ laoniny .

Izany zavatra izany dia hiantombohan'ny asa tsara maro lehibe kokoa notanterahiny taty aoriana. Nivoatra tsara ny fiheveran'ny manam-pahefana sy ny mponina mikasika ny mpino tao aorin'izay. Ny asa tsara ,dia tsy azo amavona ,manova toe-tsaina ,manokatra varavarana ,ary manome fahatokisana. Matetika tsy ny finontsika no mahasarika ireo tsy mpino fa ny asantsika .

Raha eo imason'Andriamanitra indray ny fihetsika ataontsika dia manan-danja mihoatra noho izay heverintsika azy :“Izaho Jehovah no mpandinika ny fo sy mpamantatra ny voa , mba hanome ny olona rehetra araka ny alehany avy,dia araka ny vokatry ny asany”(Jer 17:10,Mat 16:27,Rom 2:6,1kor 3:13,2Kor 11:15,Apo 2:23,20:13. “Ary Andriamanitra mahay mampitombo ny fahasoavana rehetra aminareo, mba hananareo ny arony rehetra mandrakariva @ zavatra rehetra,ka hitombo @ asa tsara rehetra”2Kor 9:8

***Ny fiatoana/fialan-tsasatra**

“Ary t@ andro fahafito dia vitan'Andriamanitra ny asa efa nataony ;ary dia nitsahatra t@ andro fahafito izy t@ asany rehetra izay efa nataony. Ary Andriamanitra mitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy ,satria t@ izany no nitsaharan'Andriamanitra t@ asany rehetra izay noforoniny t@ nanaovany azy.(Gen2:2-3)

“Mamy ny torimason'ny mpiasa , na homan-kely na homam-be izy;fa ny haben'ny ananan'ny manan-karena kosa no tsy ahitany tory(Mpit 5:11). Ny fiainana dia tsy hazakazaka 100 metatra – sprint-fa “marathon”;ilaina ny fahaiza-mitantara ny herintsika.Misy manampahaizana manokana iray ,ny dokotera Archibald hart , nanoratra boky maro mikasika izany.Nanamafy izy fa t@ fanadihadihana natao tamina olona 3000 matin'ny aretim-po @ ireo lehilahy latsaky ny 50 taona (tany etazonia)ny 100% n'izy ireo dia nanana voa”glande surrenale”(izay mitahiry ny

adrenaline)lehibe loatra.Mitombo be ity voa ity;rehefa manohy miasa ny olona,nefa tokony haka aina na hatry;lany hoe toy ny manadomelina ny vatantsika @ adrenaline isika, ka mety hitondra hatr@ ny fahavizanan'ny fo izany. Mety tsy voamaritsika fa voateny matetika ao @ baiboly fa ilaina ny miato/maka aina.Angamba tsy tafita ny hafatra matoa misy olona lasa mieritreritra fa ny asa dia ara-panahy ary ny fakana aina kosa dia ara-nofa.Zava-doza ny vokany :mamiza tena @asa isika ary mihevi-tena fa diso @ ireo fotoana kely mba hakana aina.

Nisy pasitera niteny indray mandeha hoe:"tsy manao vakansy mihintsy aho satria ny devoly tsy mba maka aina." Hoy ny olona anankiray namely azy hoe:"Mety lasa hitovy aminy ianao rehefa farany". Amin'ny ankamaroan'ny firenena ,matetika ny pretra/pasitera tsy mametraka fotoana hiatoana mihitsy.Ary nasendra voasoratra an-taratasy (@ diary) aza izany dia tsy voahajan'ny mpiaramiangona izany indraindray. Samy mihevitra ny tsirairay fa ny mpiandry ondry dia tokony ho azo helingelenina 24 ora isan'andro,mandra-paha-rerany .Amin'ny farany ny rehetra no miara-sahirana. Iza ary no ho sahy hitsangana sy hampiato izany fomba mahafaty izany? Sahala @ ny fananan'ny farmasianina ,mpamonjy voina, na dokotera zo haka aina @ alalan'ny rafitra fifandimbiasana , dia tokony hanana zo hiato koa ny tompon'andraikitra ara-panahy ,na inona na inona fomba amampanao misy.Ny fiatoana dia fandaharan'Andriamanitra mitovy laharana @ ny asa. Anisan'ny tanjon'Andriamanitra @ sabata dia ny fametrahana (fanapahana eo @ gadon'ny asa), mba hiatoana ka tsy ho andevozin'ny atao isika.

Ny olona afaka miato iray andro @ ny fito matetika,mandritry ny fiainany,mahavita be lavitra nohoy ireo izay miasa fito andro @ herinandro.

Ahoana ny fomba fiaton'Andriamanitra? Isaky ny fifaranan'ny dingana iray dia maka fotoana andinihina ny zavatra vitany Andriamanitra :”Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany dia nisy hariva ary nisy maraina ...”

“Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy ,satria t@izany no **nitsaharan'**Andriamanitra **t@ asany rehetra** izay noforoniny t@ nanaovany azy”. Nisy vanimpotoana teo @ fiainako,hoy ity mpanoratra iray (CB),nanana olona aho hiala sasatra.Nanao fialantsasatra ara-batana sy ara-jeogirafika aho, fa tsy ara-tsaina;fanamelohan-tena ,fiahiana ,ary eritreritra mavesatra no nampanjobona ny androko hoy izy .Nanapaka hevitra ary aho hoy (CB)taty aoriana ny hianatra (haka tahaka) ny fomban'Andriamanitra .Ny taona manaraka dia naraisiko antoratra ireo dingana lehibe vitako;fifindrana trano ,fanapahan-kevitra lehibe ,dingana teo @ asa ,fifandraisana no hatsaraina ,fiantsenana lehibe, fandrosoana eo @ fianarana teny vahiny iray ets...ets Amin'ny fanisana andro iray ,nanoratako lohahevitra iray isan'andro @ ny fialan-tsasatra . Nandritr'izany ,isa maraina , natamberiko tao an-tsaiko ireo dingana vita ary ny zava-tsoa nentiny ;tena nifaly aho ary tena niala sasatra manoloana ireo asa vita. Positifa/tsara kokoa sy nitondra fihavaozana ny fialan-tsasatra . tsy ny nataon'ny mpanao salamo nankahery ny fanahiny hanantena ,mila koa isika indraindray miteny @ vatantsika hoe: mialà-sasatra ary @ saintsika :mitsora. Amin'ny lafiny ara-bola,tena ilaina ny mandrindra/mampifananja tsara ny vola natokana ho an'ny fialan-tsasatra mihoatra @ ny azontsika @ asa. Ny fitsintsiana @ tsy fialan-tsasatra dia kajy mety hiteraka vokatra ratsy ;satria miankina @ kalitaon'izany no hiankinan'ny faha tomombanan'ny dingana manaraka.

Aza adino fa saintsika koa dia mila(fiovana)sy fahazoana rivotra mandritry ny taona . Ho ahy ohatra ,nohoy ny fandaharam-potoana miovaova sy diha maro,saika sarotra ny mahita fanalana anro sy namana hifampizarna an'izany. Rehefa vitsy ny namana malalaka/afaka,mihena ny favitrihana hihetsika . ny fialan-tsasatra ,tsy misy/ampy atao ankoatry ny fijerena fahita-lavitra ohatra dia tsy mahafa-po. Misy karazana olona ohatra ;tsy tsara raha vaky boky na fanarahana seminera na fianarana no fialam-boly ataony satria ohatry ny miteny @ ny zandarinala hoe andeha hitsangatsangana any...an'ala!

Nisy lehilahy iray niteny hoe: "Izaho tsy mba mila sabata, satria sabata no natao hoan'ny olona fa tsy ny olona no natao hoan'ny sabata ",dia nisy namely azy hoe: "lany indrindra ,tsy natao hoan'ny biby ny sabata..."

(Fampisarahana ny andro hiasana sy ny andro hiatoana)

Tsy voakasik'izany ireo adidy tsy azo ialana eo @ fianankaviana ,fa ireo fahazaran-dratsy hiniana

mampifangaro ny asa sy ny ala-sasatra .Ny fifandraisana elektronika , taratasy,serasera araka asa eo anivon'ny andro fialan-tsasatra tsy voatery ho fahazoana tombony eo @ ny firosoana ,fa manimba ny ampahany betsaka @ ilay fiatoana ara-drariny. Ny vatana sy fanahintsika dia mitohy mandray hafatra mitondra "stress"izay ny hiafarany, manimba sy mandoto ny asa sy ny fialan-tsastra ; Ny finday, raha nahafinaritra tany amboalohany dia mety ho lasa jadona manototra.Manimba ny maha-izy antsika ,ny fifantohana, ny nofy ,ny mahasondrina,ny hehy .Aza avela ho toy izany. "Fa izay mandinika ny lalàna tanteraka ,dia ny lalàn'ny fahafahana ,ka mahantra@ izany ,raha tsy mpihaino manaino, fa mpanao ny asa, dia dia **ho sambatra @ asany** izany olona izany" .(Jak 1:25) raha te ho voatahy sy hivelatra ianao, miasà an-kazotoana sy isan-dingana mahaiza koa miala sasatra tsara ary aza afangaro ny zavatra rehetra.

8- **Fadio ny toetsain'ny mpikarama an'ady**

"Ary ny mpikarama ,satria tsy mpiandry na tompon'ondry izy ,koa raha mahita ny amboadia avy,dia mandao ny ondry ka mandositra ary ny amboadia misambotra ny ondry ka mampihahaka azy.Mandositra izy satria mpikarama ka tsy mitandrana ny ondry."(Jaona 10:12-13)

(Ny mpikarama dia vonona hanao sorina izay tetikasa tsy azy) Ny baiboly dia mitantara mpivarotena roa samy mitonona ho renin'ny zazakely iray.Roa andro fotsiny angamba no elanelam-piterahana teo @ izy ireo,ary maty nandritry ny torimasony ny zaza iray. Tsy maintsy namaoka didim-pitsarana ny mpanjaka Salomona mikasika izany ary nandidy ny hizarana roa ilay zaza velona mba ahazoany izy roa vavy avy ny ampahany toy izao no fihetsik'izy ireo:"Fa niteny t@ mpanjaka ravehivavy,renin'ny zaza velona –satria nandevilevy ny fony noho ny zanany-ka nanao hoe:Tompolahy ô,tsara antitra ianao,omeo azy ihany ary ny zaza velona ,fa aza dia vonoina re!Fa hoy kosa ny iray:Aoka tsy ho ahy tsy ho anao ,fa zarao mihitsy.Dia namely ny mpanjaka ka nanao hoe:omeo ity ny zaza velona ,fa aoka tsy hovonoina;fa io mihitsy no reniny"(1Mpanj 3:26-27)

Eo @ lafiny matihanina/arakasa ,koa ,maro ny toe-javatra mety hitovitovy @zay tantara izay.Ny mpiasa, mpitantana na tompona orinasa izay mandray am-po ny asany ary manolotra ny tenany ho@ izany dia hitay mandrakariva ny hiarovany,hanatsarany,hampitombo lanja azy. Raha izy mihitsy moa no namolavola na namorona an'izany dia ho toy ny ray/reny manoloana ny zanany ny fihetsiny ;Mety hisy kosa mpandray anjara hafa ,satria kely na tsy misy ny fitarihany tao anatin'izany dia hisongadina @ filangolangoana izy. Hitera-doza eo @ asa izy ireny ,hanimba sy hampien-danja azy. Tsy hanampandavana akory izy na potika aza izany, ary indraindray izy ireny mihitsy no hanome baiko handravana an'izany.

Raha tiana hihalehibe ny asa izay ,na inona na inona karazany ,dia tokony hahay toa an'I Salomona isika, manavaka ny reny sy ny mpangala-jaza, ny mpanangana sy mpikarama an'ady.Sarotra ny ahaizana, izany @ tomba-maso.Maró torak'izany koa ireo fiangonana mizara roa nohoy ny afitsok'ireo mpikarama an'ady misandoka fizanahana .Tsy vitsy ireo misiona/fanirahana no miha –maty rehefa ireo izay tsy mahafantatra ny lanjan'izany no mitantana azy.

Ny mpikarama an'ady dia tsy mandray am-po ny asany ,fa vahiny @izany .Mety ho fahavalony aza izy indraindray .Arakaraky ny tsy hikasiany an'izany no heveriny fa maha-mety ny fiainany. Raha tokony ho tonga any @ ozinina izy @ 8ora, ataony izay ahatongavana @ minitra farany. Hiasa izy raha misy mpanara-maso. Raha vao mipaika ny @ 9ora dia efa miandry ny "pause"/fakan-drivotra ny sofiny ,ary rehefa tonga izany dia halavainy araka izay tratra .Amin'ny 11ora,manomboka reny ny vavonony ary mieritreritra sakafo izy.Amin'ny 12ora katroka ,na manabontsina kodiarana na andeha hanao Sonia sisa;dia avelany/ajanony ny asa.Ny tolakandro indray dia mitohy sahala @ maraina fa miampy fanofisana fotsiny satria mavesatra .Tsy hanao mihoatran'izay anjarany mihitsy izy ary tsy hitsahatra ny hitaraina raha vao misy ahafahany manao izany.

Ny olona entanin'ny fitiavana sy ny soatoavin'ny fanjakan'Andriamanitra kosa manoloana ny zavamisy dia hitandrana ny kalitaon'ny asany noho ny fikisaky ny ora @ ny famataranandrony .Mety ho afaka manadino "pause" iray izy raha ilaina. Rehefa tonga ny @ 11ora ,dia izao no ao an-tsainy "Ataoko izay ahavitako an'ity @izay aho manomboka zavatra hafa rahariva". Raha mankany @ trano fivoahana izy ka mahita fa lany ny taratasy na maloto izany dia mitondra tena toy ny tompon'andraikitra izy na dia tsy asany aza izany. Mety ho mpiasa tsotra , "manoeuvre" izy, nefa miray ombonantoka @ rehetra.

"Iza moa aminareo , izany (manana)ondry zato,ka very ny anankiray, no tsy mandao ny 99 any an-efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy?(lioka 15:4)Na manana na tsy manana izay no maha samy hafa azy . ny mpikarama an'ady dia mamela ny fifandraisana, ny fitaovana na ny vokatra hihasimba sy lo. Tsy ho ampy ny "Encyclopedie" iray hitanisa ireo fahavoazana tsy hita nohanoha, fahafoizana aina, fahasimbana trano ,fiara,taona maro ery noho ny antsirambina. Ny olona matotra dia izay mitondra ny tenany ho tompon'andraikitra .Na dia tsy mitsabaka @ny raharahan'ny hafa aza izy dia mahatsapa fa voakasik'izay manjo ny fiaraha-monina ,mpiarmandova sady zanak'Andriamanitra. An'Andriamanitra ny tany sy izay rehetra ao aminy .Amin'ny maha mponina azy ,dia mitondra tena toy ny mpitantana ny firenena izy .Nisy filoham-pirenena iray niteny hoe:"Aza manontany hoe inona no azon'ny firenena atao aminao ;anontanio ny tenanao inona no azonao atao hoan'ny firenenao."Mety hahatohina olona angamba fa azo ampiharina @toeram-piasana, fonenana , Tanàna na vohitra izany teny izany .Nisy olona anankiray izay niteny hoe : "Ampianaro ny olona ny zony dia hahita revolisiona ianao; ampianaro azy ny andraikiny dia hahita fifohazana ianao".

Miara manaiky isika fa misy ny elanelam-panahy ; raha misy mpitarika iray milaza /mampianatra fa ny tompon'andraikitra rehetra dia olon-doza ary izay mpanohitra kosa dia "olo-masina",mamolavola fahapotehana sy ranomaso izany olona izany.

(Ny mpikarama an'ady dia mitsaoka raha miseho ny olana)

Ny mpiandry ondry ratsy dia manavotra manoloanany amboadia. Ny fahasarotana, fanoherana na fandrahonana dia mampibari-bary ny mpiasa tsara sy ratsy .Variana aho hoy (CB) mahatsapa ny fahamaivanan'ny fandraisan'andraikity ny olona, tsy miresaka ireo fifanarahana iraisam-pirenena aho na ny an'ny olona @ ankapobeny ,fa ny an'ireo mpianatr'i Kristy.Marao ireo tetikasa tena tsara no potika,very anjavony, na lasa rano toy ny vaingandranomamy tratry ny tara-masoandro ,ao indray ireo izay nampanginina ,nahemotra na najanona satria misy olana nitranga !Fanoherana kely ,sakana kely dia miozozogona ny aza amolana maro. Aza hadino (fa saika asan'Andriamanitra rehetra dia novolavolaina tao anatin'ny ady!)

"Ary izay malaina @ asany dia rahalahin'ny mpanimba". Na koa sahala @ny voalaza any @ny andalana hafa "izay manao an-tsirambina ny andraikiny sy izay manimba dia iray fianankaviana".(Oha 18:19)

Ny fitsoahana manoloana ireo liona ,bera na zana-tsaka dia mitondra loza mahatsiravina, mitarika fikorontanana ,tsy fahampiana ary fahosana .Ny firaketantsika @ny ondrintsika @zay dia manakaiky ny an'ny mpikarama an'ady fa tsy ny an'ny mpiandry tsara.

(Ny mpikarama an'ady dia tia vola)

Anisan'ny famatarana ny teny hoe "mersenera" ny fitiavam-bola. Tsy mikasika azy loatra ny fitiavana ny asa, ny fikatsahana ny asa vita tsara ;tsy dia misy hidirany ny kalitaon'ny asa. Tsy mijery ankoatry ny fiahiana ny fiainany izy ,ny toerany, ny tombotsony. Hampanompoiny ny hafa raha izy no tokony hanompo.

- Ny mpiandry tsara tia ny ondriany , ny mpikarama tia ny vola

- Ny mpitsabo mpanampy tsara tia ny marariny, ny ratsy koa tia vola

- Ny mekanisià tsara tia ny mekanika , ny ratsy kosa tia vola

-Ny minisitra tsara tiany fiaraha-monina, ny ratsy tia vola

-Ny filoha tsara tia ny fireneny , ny ratsy kosa tia vola

-Ny mpanampy tsara tia ny asany , ny ratsy kosa tia vola

-Ny farmasianina tsara tia manampy , ny ratsy kosa tia vola

-Ny mpitondra fivavahana tsara tia ny olona ,ny ratsy kosa tia vola

Ny olona miasa dia mendrika ny karamany. Tsy ny vola akory no fototry ny olana fa(ny fitiavam-bola)[Fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra , koa ny sasany izay fatra-pitady izany dia efa voavily niala t@ finoana ka nanindrana ny tenany t@ alahelo be] 1Tim 6:10, [Aoka tsy ho @ny fitiavam-bola ny toe-tsainareo, fa mionina @izay anananareo; fa hoy Izy "Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory"]Heb 13:5

Ny fitiavam-bola no manova endrika ka manimba ny lanjan'ny sehatrasa maro ary mety ahapotika firenena iray mihitsy. Ny vola dia mpanompo ilaina , fa tompo tsy refesi-mandidy kosa.

Raha ampivadina @ny hatsara izany foto-kevitra izany dia mety ahazoan-tsika hoe(ny hatsara eo @ny asa dia hiteraka harena, ny fanompoana harena dia hanimba ny hatsara)

Ny fitiavam-bola dia mahatonga ny asa atolotra hangatsiaka mamitaka ary matetika madilana/tsy ampy. Firifiry moa ny magazay ,birao na trano fisakafoanana hanatrehantsika mpiasa tsy vonona handray ,miavona sy tsy havanana? Hoatry ny hoe tratan'ny areti-mifindran'ny fitiavantena. Raha mba sendra mpivarotra na mpiasam-bahoaka na mpanolotra sakafo tsara fandray tia manampy sy mahay isika indraindray dia talanjona sy feno fankasitrahana .

Ho fehiny, raha toa ny mpanolotra asa anao tsy tia anao ary raha ambonin'izany , foanany ny kaotinao @ banky, mitadiava hafa haingana.

*(Ny mpikarama an'ady dia tsy mihevitra hafa tsy ny tenany ihany) Amin'ny lafiny fizahantany ,mety efa nahita isika toerana paradisa kely lasa toeram-pako. Maro ny faritra, mampitolagaga ny hatsarany, fa raha vao mandalo eo ramaka/mpikarama an'ady dia vinento ilay toerana; kodiara nodorana ,vatana fiara/lakana lò sy fako maro samihafa misavovona no mitantara . Raha nijanona teny an-

tehezan-drenivohitra aho hoy CB indray andro. Ireo tanimboaloboka dia nihazo hatreny amoron'ny ony nanopy manga ,ahitana lakana vitsivitsy. Tendrombohitra maro fotsin'ny ranonando no teo anoloako. Nisy koa teo dabolio tao anaty lava-bato namboarina .Maro angamba ny mpifakatia nijanona mba handefa nofinofy teo. Teo anilany nisy fasiam-pako tsara tokoa ary saiky foana , kanefa t@ ilay lalankely nandalo teo ,nisy mpikarama an'ady nihevitra fa tsara kokoa ny nanary ireto taratasy feno menaka sy tavoahangy foana ety ivelany...

Mifanohitra @ izany ny toerana tsy dia tsara loatra dia mety hanana haja raha misy olona iray manomboka mikarakara azy ,sahala @ ireo olona miezaka mandravaka voninkazo ny kartie-ny izay tsisy endriny sy naloto teo aloha. Eo @

politka ny hery ankavanana sahala @ny ankavia samy nilaza fa miady ho fiarovana ny tontolo iainana ;misy aza moa izay nanao fa izany ho finoany mba tsy hilazana hoe sampy. Ny mpianatr'I Kristy dia tokony hitandrina ny planeta iainany sahala @ny tenany. Tiany ny tany fa tsy andrianiny. Ny hatsaran'ny zava-boavotra dia tsy ho voaloto satria tsy ho tafiditra any ny tsy madio (Isaia35:8) Raha te ho voatahy @ asanao ianao sy hivelatra @ izany ,ekeo/raiso,tiavo mihoatra noho ny vola izy!Mahaiza mitaona ny famehezan-tenanao, hihoary ny olana.Manolotra asa mendrika hoan'ny fiaraha-monina ary mambole toetra mandray andraikitra.

9-Ilaozy ny fisainana " vonjy maika"

T@ taona 1972, nisy dadabe nahafinaritra izay , niteny t@ feo mangovitra ary maso feno hafaliana hoe"Niteny tamiko ny tompo fa ho avy alohan'ny hahafatesako izy!" Izaho sy ireo tanora iray tarika tamiko ,dia nihaino izany faminaniana izany @ maso feno fankatoavana .Maro ireo mpitory teny ,na tsy nanome daty aza , dia nanamafy fa efa akaiky izany fotoana izany.

Diso hevitra anefa ilay dadabe satria maty izy nefa mbola tsy tonga ny tompo....

Ny mpianatr'I kristy rehetra dia miandry fatratra ny hiaviany indray .manoloana ireo politika @izao vanim-potoana izao izay tsy mahomby ary tsy mifaitra hovana ,dia maro ireo mivavaka mba ho tonga any fanjakany .Ny zava-doza hoan'ny tanora ,raha maheno izany dia ny fidirany @ fisainana "vonjy maika ".Maninona no hanaraka fianarana lavareny? Sao dia tsy hilaina? Aleo manaonao eo,mitady asa tsotsotra mba ahafahana mivelona mandra-pihavin'ny tompo!

Raha ny marina araka izay voalazan'I Kristy ,ny fiandrasana ny fihaviany dia tokony hampiasaina @ asa mahomby sy matotra .Maro ny fanoharana nataony manoro mazava izay tokony atao sy izay zavatra andrasany @tsika mandra-pihaviny. Tsy miandry antsika hitily ny lanitra izy:"Inona izao ataonareo izao?",hoy ny anjely t@ ireo mpianatra t@ andro niakaran'ny tompo.Tsy ny hitazana ny lanitra no nanirahana antsika fa ny hitory azy sy hiasa eo anivon'izao tontolo izao(Mat 28:19-20) Raha niteny t@ mpianatra Jesoa mba hiandrandra ,tsy ny lanitra no resahiny fa ny vokatra,izany hoe ny asa miandry antsika aty an-tany .Indraindray ny fomba fampisehoana ny fihavian'ny tompo dia mivadika ho :fikombonana toe-tsain'ny "vonjy maika", tsy fandraisana andraikitra ara-tsosialy fandavana mamatotra : "Mpandalo ihany izahay no eto sady maika hiala!"

Vokatr'izany, avelantsika eo ampelatanan'ny tsy kristianina ny fiaraha-monina.Ny ambikambiny no raisin'ny Kristianina ary ny fitantanana ny Tanana dia eo ampelatanan'ny tsy mpino.

Ndeha ataontsika hoe ho avy afaka 25 taona i Jesoa (ohatra fotsiny). Inona no hataonao, ampiasa ny herinao sy ny fiainanao amina asa na tetikasa matanjaka ary mivoy toe-tsaina mijery ny lafi-tsara, manafika sy sahy sa hanao toy ny vorona mitoetra eny ambony azo ,mitsrika ny an'i Kristy sady manambara fa na ahoana na ahoana tsy maintsy iha-ratsy izao rehetra izao? Inona no fihetsika mety hanafaingana ny fihavian'ny Mpanjaka? Iza @ ireo vahoakan'ny fanjakana no tena manome voninahitra ny tompo?

(1Pet 2-11) Na dia mpivahiny sy mpandalo aza eto an-tany ,dia tokony hivavaka isika hoe: "Atao anie ny sitraponao ety an-tany" ny adidintsika androany dia ny fitantanana ny planeta misy antsika ,fa tsy ny lanitra. (Mat 6:10)

Isika Kristianina dia tokony ho sahala @ mpanao baolina kitra iray izay mitady izay ampdirany baolina foana hatr@ fotoanan'ny kiririoka farany. Ny Kristianina dia tokony ho tia sy hanompo @ ity tontolo ity? Fa tsy hanamaivana azy noho ny fiainana ho avy .Isika no mpilalao , ary Kristy no mpitsara ;ho tsofiny ny kiririoka rehefa mahao teny nomena antsika izy .Izay mety ho "vonjy maika" @ Andriamanitra dia maharitra lanitra nohoy ny "tena izy"/raikitry ny olombelona .

Ny fahatakarantsika an'izany ,dia hankahery antsika hanaraka fiofanana fianarana ,na fianaran'asa feno arak'izay tratra mba hananana asa aman-draharaha masina. Hampianatra ny zanantsika hahay/ho faly hampiasa ny fahaizany rehetra .raha tsy maminany afa-tsy ny ratsy,ny tsy fahombiazana ,sy izay tsy misy hilana azy rehetra mikasika ny hoavin'ny firenena, ny kaontinanta, na any planeta isika ; dia mamotika izay herim-po ao aminy .Iza no ho sahy hampiasa ny fiainany @ ny tsinontsinona?

Nisy mpitoriteny nilaza hoe : "Ny Kristianina dia nahasarika zana-tsaka, ireo revolisionera kosa nahasarika liona"! Satria ireto farany miaraka @ finoa-mahafindra tendrombohitra nananany, dia niezaka nanova ny endriky izao tontolo izao ;nanaraka azy ny liona. Ny kristianina kosa nitory fa: "Raha tsapanao fa tsy misy ho avy @ izao tontolo izao ,satria manenika hatraiza hatraiza ny devoly, raha mampatahotra anao ny ho avy, ny ady ny afobe, tongava mialoka aty @sambonay; hiainga ho any an-danitra tsy ho ela..." Dia tamy nanantona sy niditra ny zana-tsaka!

(Ny vinan'ny tsitoha dia lavitra ezaka)

Nipetraka ela tany Côte d'ivoire aho hoy i CB, ary niverimberina matetika taty tany. Ny lanja omen'ny polisy ,ny mpiasan'ny fadin-tseranana ary ny manam-pahefana @ ankapobeny mikasika ny misionera dia, nanaitra ahy. Ny anton'izany dia satria ny ankamaroan'ny Kolejy, sekoly ,hopitaly,dispansera, trano fiterahana na fitaizana zaza , radio sy rafim-pampianarana manokana , ka tsara ,dia vokatry ny fikelezan'ireo misionera. Nandray ny toerany ireo kristianina taty aoriana ary manaja fatratra an'izay ezaka izay. Tsy maintsy nisy tomika na diso mety ho nataon'ireo misionera fa @ ankapobeny ny fikirizany dia niteraka vokatra tsy azo lavina . Ny vonjy maika ny fehintenany ; niatrika sahan'asa lavitra ezaka izy, izay nomen'Andriamanitra voninahitra. Faminaniana ny asany, ary sangany @ lafiny rehetra fa tsy vodi-laharana.

Ny mpanjaka Davida izay nifankazatra t@ Andriamanitra ,dia mampiseho antsika fa ny fanjakana izay najorony dia tsy peta-toko. Ny foko isan'isany dia nananany mpanapaka azy. Ireo mpisorona , mpitantana ,mpitsara, ireo mpiady ny haren'ny tempoly, mpihira, mpamoha vavahady dia voarafitra isan-tsokajy, isaky ny andraikiny. Nisy mpitantana mitsinjara ireo tahiry isan-tanàna ,vohitra sy toby fiambenana.

Nisy olona nitendrena hitarika ireo mpiasan-tany ,mitantara ireo tanim-boaloboka sy ny tahirin-divay, ireo tanin'oliva sy tahirin-tsolika ,ireo andian'omby, rameva, ampondra ary ondry @ osy. Lehilahy an'arivony no mitandrony fiarovana ny lafin-tany. Ny tafika dia notantanana lehiben'olafy, ahitana andiany 12 misy lehilahy 24000 isany (1 tan 24-27).

Ary Davida dia nitsinjo hatrany ny ampaharitra ny zavatra ataony hoan'ny taranaka mifanimby. Niteny izy fa ny Andriamaniny dia mahatoky @ taranaka mifandimby. Ny tantara dia nanome azy rariny ,satria 3000 taona aty aoriana mbola maro ireo olona mitrandraka sy mampiasa ireo hafatra sy asa navelany!

Inona no zavatra ho avelanao hoan'ireo taranakao any aoriana? Setroka manjavona sa horimbato matanjaka ,hilaina sy tsara toerana?

Raha izaho manokana hoy i CB @ny maha evanjelista ahy ,ny hetahetako dia ny mba hiasian'ny

olona hiova hoan' i Kristy avy @ny alalan' ireo hafatra ,voasoratra na voarakitra@ horonan-tsary ao aorian' ny fahafatesako.

Ny asan' Andriamanitra ho anao dia mety hisy akony hatr@ taonjato manaraka ny mety hatr@ mandrakizay aza !

***(Ny vinan' Andriamanitra dia misy tanjany foana)**

Maro ireo oniversité @ izao fotoana izao no mamolavola olona ho tsy an' asa Andriamanitra kosa tsy mamorona olona @ tsy antony. Raha niantso an' i Piera/Petera I Jesoa dia sady tsotra no matotra ny fianarahana (contrat) "Raha manaraka ahy ianao ,dia hataoko mpanarato olona". Hatrany amboalohany ,dia mazava ny tanjona ary ny zava-takiana tsy mila Voatsiary. Jesoa tsy nanao hoe: "miezaha ianao ahatonga izao tontolo izao hoe ahy " . ny antso nataony nefa dia misy fiantraikany mandrakizay ary ny tanjony ety an-tany dia manan -danja.

Ary toy izany daholo ny asa rehetra misy ny fitarihany.Arakaraky ny hanakaikazantsika ny vinan' Andriamanitra @ asantsika no hahatakarantsika ny tanjony ankehitrina sy @ mandrakizay ka hampahazava sy hampanandanja azy amintsika.

***(Ny vinan' Andriamanitra dia miabo/tsy isalasalana)**

Ny fijery mi-iba(negatif)ny tena sy ny hafa dia hitera-doza hoan' ny hoavy .Mosesy/moiza ohatra dia nandà fatratra ny antson' Andriamanitra noho izay antony izay.Jeremia dia nihevitra ny tenany ho zaza ary Giedona kosa ho toy ny bitika.Hoy natanaela raha nandre mikasika an' i Kristy hoe:"Moa mety misy zava-tsoa va avy any Nazareta?",satria t@ny fahalalany sy ny lojikany ,tsy nanana hafa tsy zava-dratsy izy ho tenenina. I Jesoa kosa raha nahita azy niteny hoe : "Indro ny tena Isiraelita tsy misy fitaka "(Jaona 1:46-47).Jesoa tonga dia nahita ny herizika lehibe ao @ity ho mpianany ity, sahala @ ahitany ny herizika ao @ fiainantsika tsirairay avy.

Paoly ohatra ,dia tsy nanambany ireo andevo ,fa nanome hery azy ireo kosa isaky ny nisy fotoana nahafahany nanao izany mba hahatonga azy ireo ho olona afaka. Torak'izany koa ny toerana izay heverina fa ambany eo @ fiaraha-monina ,na izay asa heverina fa tsy dia nanao ahoana loatra dia misy dikany /mendrika ,ao anaty fanombanana, fitomboana ,fandraisana andraikitra ary fivoarana .

***(Ny fotoana dia sakaiza fa tsy fahavalo)**

Ny soratra Masina dia milaza fa manana ny fotoanany avy ny zavatra rehetra (Mpit 3:1).Raha mitoetra ao @ planin' Andriamanitra isika dia ahatsapa fa ny asa izay ataontsika dia mifandrindra tsara @ fotoan'ilaina mba hanatanterahana izany. Mety tsy mora ny fizarana @ izany ary isika tsirairay avy dia miatrika tsy fahombiazana @ izany indraindray.Andriamanitra anefa dia mamela izany hitranga eo @ fiainantsika mba hitarihana antsika hanana faniriana hanandrana an'izany. Izay no antsoin'ny Theolojianina hoe fampiadina ny fotoana CHRONOS(andro, volana, taona)@ fotoana KAIROS(ny fotoan' Andriamanitra). Rehefa mifandrindra ireo roa ireo dia manjary mpanompo ny fotoana ;ary very ny maha mpampihorohoro azy.

Ny olan'ny Kristianina maro manana andrikitra dia tsy ny teolojiany na ny moraliny , fa ny fitantanany ny fotoana.Mitondra hafaliana ny fiaraha-miasa @'Andriamanitra ."Ny haniko" hoy Jesoa dia ny manao ny sitrapon'izay naniraka **ahy sy ny mahavita** ny asany" jaona 4:34. Ny fiheverana na fitenenana hoe : " tsy manam-potoana hanaova,na ny sitrapon'Andriamanitra aho " dia diso: lainga. Manome antsika ny fotona ilaina mba hanatanterahana asa tsara sy tanteraka @ anarany isika .

Ireo izay mamboly toe-tsaina "vonjy maika" dia atahorana tsy ahatsangana afa tsy trano heva @ fiainany. Ary ny safidiny rehetra dia ho voafehin'izany . ny tany izay tadiaviny ,ny fifampiraharahana ataony, ny fitaovana ,ny mpiasa , ny serasera dia hisy dindon'izany vina izany. Ireo izay hiaina toy ny zanak'Andriamanitra kosa dia hanangana **Lapa**, ary ny fitaovana rehetra ilainy dia hofidiana mifanaraka @ izay.Ny tany ho karohiny , ny fifampiraharahana ataony , ny fitavana, ny mpiasa, ny serasera rehetra dia ahitana dindon'izany vina izany. Kisarisary ihany

izany nefa mampiseho toe-tsaina mifanohitra. Ho fehiny misy ohabolana miteny hoe: "Izay rehetra tokony hatao , dia tokony hatao tsara." Raha te ho voatahy sy hivelatra @ asanao ianao dia manamboara Lapa fa tsy trano heva.

10-Vitao hatramin'ny farany

Sahirana ny mpanompon'Andriamanitra iray ka nanotany raha mba misy terem-panahy anankiray

afaka hananatra sy andefa taratasy maika ho azy .Dia nisy Tanana iray nitsangana ;nampitainy tamin'ilay olona izay tokony ho soratana ary nahatsiaro ho maivana izy avy eo. 2 herinandro taty aoriana , nifanena t@ ilay nanendry tena izy , ary nanontany hoe oviana no lasa ilay taratasy. Dia namely ity olona hoe:"tsy nomenao ahy ange ny adiresy e!" Saika niova loko ilay olon'Andriamanitra ,fa nihonona t@ fanoratana ilay adiresy t@ taratasy izy dia natolony azy.15 andro no lasa vao sahy nanontany ilay olona izy raha tontosany ilay iraka.Hoy ilay tovolahy namely azy"Hadinonao ange ny nanome valopy e!"Niazakazaka nakao @ biraony ilay mpanompon'Andriamanitra ary t@ fiverenany dia nafampana ny resaka.

-Tena maika ange iny hafatra iny e! Afaka mahatoky marina ve aho fa ho lasa izao izy iny?

-Ahoana re izany! Tsy mahatoky ahy ve ianao?

Ilay mpanompon'Andriamanitra inray no nahazo toriteny mikasika ny fitiavana izay mino sy manantena ny namana @ zava-drehetra .

Nanomboka teto dia somary nananosarotra ho an'ilay pasitera/mompera ny nangataka vaovao.

1 volana tao aorian'izay ,vao sahy nanontany izy hoe"nanao ahoana ilay taratasy?"Fanomezan-tsiny no azony : "Mbola tsy nomenao hajia ange aho hatramin'izao e!"

Mety hampitsiky ihany izany fanoharana izany raha toa tsy endrika fihetsika mamoehitra *_sy miparitaka @ fotoana izao izany.Izay karazana "fanendren-tena" izay dia mampiferinaina izay senra azy.Izay ilay karazana lehilahy ampiferinaina ny vadiny.Na ilay karazana mpianatra mampiferinaina ireo mpanabe ets...ets lava sady tsy misy fiafarany ny lisitra.

Maro ireo orinasa lehibe isan-karazany ,fikambanana, kaomina na vondrona samihafa no marary na tena matanjaka nohy ny fisiana na tsia ny karazan'olona toy izany ao anatin'ny.

Azo atao ve ny manankina tetikasa, andraikitra ,na asa aminao ka tsy hananana ahiahy fa ho tontosanao hatramin'ny farany izany?Raha ENY ny valinteninao, dia isan'ny hiova ianao, dia tsarovy fa izao no anisan'ny fotoana sarobidy @ fiainanao!(Ny olona sahy miteny ENY sy mitana ny teniny dia perla lafobidy).

Manahirana ny olona mamehi-tena nefa tsy mahatanteraka.Indrisy mbola misy lavitra noho izany dia fahazarana manambara an-kalalahana na dia tsy misy manontany aza, famehezan-tena,miserasera @ olona maro ,dia mino sy miroboka ao anatin'izany, nefa avy eo mamadika ny fanambarana natao. Tsara lavitra ny mangina.!

Ho ahy manokana hoy CB, tsy haiko raha tokony hatsangana indray andro ny fikambanana miaro ny mpanompon'Andriamanitra /Evanjelistra nefa mino aho fa raha toa ireo olona mikarakara/manomana tetikasa no milanja ny vokatry ny fanafoanana ataony mety handinika in-2 izy vao hanao izany.Efa im-betsaka aho (hoy ihany izy ,no nanao famandrihana daty maromaro mandritry ny taona,mandà fanasana hafa, manangona ekipa,tapakilam-piara manidina,visas ets...ets)ary 15 andro alohan'ny hanatanterahana ny hetsika ,mahazo fampandrenesana milaza ny fanafoanana izany, tsy misy fifampiresahana @ ireo mpiray antoka hafa tsy kajiana ny fahavoazana Ny famitana hatramin'ny farany ny famehezantena noraisina dia fanamby/fiaikena ho an'ny tsirairay .Zavatra tsy azo hiodivirana anefa ;satria mampisy dikany ny famehezan-teny izy;(ireo asa saika tontosa matetika tsy dia misy azo ampiasaina azy).Raha mifoha isika @ maraina dia mampiditra akanjo,satria nisy olona nahay nanjaitra hatramin'ny farany tany.Afaka mahafantatra ny ora isika satria misy mpiasa/mpanao famataranandro naharitra nametaka ny piesy farany t@ famataranandrontsika tany.Azo tohizina hatramin'ny sakafo ,ny vaovao ,ny mpenina ets...ets mandalo @ ireo sokajin'asa rehetra.

Mampirisika antsika I Jesoa hahay manombana ireo tetikasa alohan'ny hanatanterahana an'izany:"Fa iza moa aminareo ,raha ta-hanao tilikambo, no tsy mipetraka aloha mihevitra izay ho lany hanaovany izany,na misy **fahavitany** azy na tsia Fandrao ,rehefa manao ny fanorenana izy ka tsy mahavita ,dia handratra azy izay rehetra mahita "(Lioka 14:28-29)

Ny famitana hatramin'ny farany dia mitaky:

mandrakariva : fitozoana ,faharetana ,tsy fivadihana

-matetika : fifikirana, fifehezana+fahafaoizantena

-indraindray : fahavoazana ara-bola,loza, fijaliana

Maro ireo boky ,eny na ireo avy @ Andriamanitra aza, no dia lò any anaty vata-sarihana.Inona no

antony?Mora ny manomboka, fa sarotra ny mamita. Mikasika izay ,ireto misy fanao vitsivitsy nahafahan'i CB namita ny fitambarana boky (collection) nosoratany hatreto.

1- Omeo laharam-pamehana ny vaindohan'asa

Mety ho maro @tsika no mahafeno ny andro tsirairay mandritry ny taona @maika, fanarian-dia samihafa, telefaonina lavareny sy zavatra kely maro tsy nampoizina nefa mahafinaritra. Inona no ho vokatr'izany afaka 5 taona ? Mety tsy hisy!

Tsara ny mianatra, mamely tena na mangirifiry aza,mametraka ny vaindohon-draharaha alohan'ny "maika/ hamehana". Ny dikan'izany dia fampiasana ireo "ora voalohany" hoan'ny asa.

2-Mirosoa na @ mora na @ sarotra

Indraindray, ohatry ny misosa @ lala-malalaka isika ,indraindray kosa toa lalan-kely miolakolaka ,ary indraindray toa misy vatan-kazo mibahana eo @ lalana.Misy fotoana mety mahafaka 100km/ora isika ,misy fotoana voatery mampiasa 4/4 ary manady santimetatra @ santimetatra.Tsarovy ny zava-dehibe dia ny tsy filavohana!

3-mahaiza mankahery tena @ tanjona fohy ,antonony,lavitra ezaka

Ny fananana tanjona dia zava-tsara raha voalanjalanja .Raha avo loatra izy dia mandreraka sy mahakivy raha iva loatra koa dia tsy mahafa-po .Eo @ asantsika tokony hahay hamantatra ireo tanjon'Andriamanitra ho antsika isika tsirairay avy,izay mandrakotra ny fahafaha-manaontsika no sady mihazona antsika ho eo ambany fahasoavany mandrakariva.

Ho ahy hoy CB ny fohy ezaka ohatra dia dingana ao @ andro iray, na indraindray herinandro:mahavita mamelabelatra teboka iray ,manao fanitsiana toko anankiray...Ny ivo fantonony ezaka dia miompana @ famitana ny boky , ohatra mandritry ny ,fakan-rivotra. Ny lavitra ezaka lasa dia mikendra ny fanotana ireo karazam-boky miisa 12 izany hoe eo @ asa 6 taona antselika.

4-Aoka hahay hanaiky izay fahafaha-manao hananantsika

Misy olona tsy mahatojo hatramin'ny farany izay zavatra rehetra ataony ary lany @ fananganan-javatra ny fiainany ;satria tsy mitoetra @ hevitra iray izy fa mahita hevitra tsara kokoa foana...Misy vokatr'izany ireo tetikasam-panavaozana na fividianan-javatra no mihemotra isan-taona. Ny antony voalohany angamba dia ny fanombanana ambony loatra ireo fahafaha manaontsika marina.

Dingana tsotsotra kokoa nefa tontosa no tsara lavitra nohoy ny faniriana hanangana lehibe kokoa nefa tsy tanteraka .Aleo diplaoma-na mpitsabo mpanampy tontosa toy izay fianarana misy varavarana sy varavarankely. Azo ampiasaina ny fiara kadroka mandeha toy izay ferrari tsy misy motera. Aza hadino ilay fiteny manao hoe :”ny kokoa dia fahavalon'ny tsara”.

5- Jesoa no modelintsika

Ny ohatra nomen'I Jesoa antsika dia fiainana @ maha olona feno fahafenoana tanteraka na @ maha mpandrafitra na @ maha apostoly azy.Hoy izy t@ Rainy.” Izaho efa nankalaza anao tety ambonin'ny tany ;vitako ny asa nomenao ahy hataoko.”(Jaona 17:4) Ora maro taty aoriana ,raha nanolotra ny ainy ho antsika teo @ hazo fijaliana izy dia mbola niteny:”Vita!” (jaona 19:30)

Raha te ho voatahy sy hivelatra @ asanao ianao ,dia anisan'ny fototra ny fahatontosanao an'izany tsara.Fantaro ny hery ilaina ho@ fanatanterahana an'izany sy ny fahafaha manao-nao, aoka ho entitra @ famehezantena ary tozoy/vitao hatramin'ny farany.

Fehiny

Azo heverina fa maro ny zavatra /asa azontsika atao. Ny fametrahana ny asantsika hifototra @ soatoavin'ny mpahary no fomba tsara indrindra ,hahafahana miay @ tafiotran'ny fiainana.

Hoy Jesoa hoe:”koa @ izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka Mankato azy ,dia hoharina @ lehilahy manan-tsaina izy,izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy[...]izay rehetra mandre izany teniko izany nefa tsy mankatò azy ,dia hoharina @ lehilahy adala, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny fasika.(Mat 7:24-26)

Tsara ny mihaino nefa ny fampiharana ihany no mitondra vokatra... satria”(...) samy handray izay valim-pitiany avy araka ny fiasarany”(1kor 3:8)

“Koa @ izany ,ry rahalahy malalako, dia miorena tsara ,aza miova,ary mahefa be mandrakariva @ asan'ny tompo ,satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezana aina ao @ tompo (1kor 15:58)

FAMINTINANA

Raha te hivelatra sy ho voatahy @ asanao ianao:

1-Ataovy @ anaran'I Kristy izany ,ary aza hadino ny lanjan'izany sy ny fiantraikany aminao, ny fiaraha monina sy ny faritra misy anao.

2-Sahia mikasa/miandraikitra ,manàna herim-po,manofàna mpiara-miasa manana kalitao ary mitomboha.

3-Manaova toy Davida aoka ho Andriamanitra no ho raisinao ho ohatra ,katsaho ny hatsara mba hampamiratra anao ao @ voninahiny.

4-Araho ny kajin'Adriamanitra; aoka izy no hanome aingam-panahy hoan'ny toraka harato ataonao,aokany fahafoizanao hahay miary/mamorona an-tsitrapo ary maharitra.

5-Ampiaro ny hatsarana/fahitsiana ;aoka ho tsy misy fitaka @ olona rehetra hajao ny amboninao ary aoka hanaja anao izay fehezinao.

6-Hasongadino ireo soatoavina tsotra toy ny fahaiza-mandray,ny hatsaram-panahy ny fahadiovana; mivonona hanatanteraka ireo andraikitra kely indrindra sahala @ izay mavesatra indrindra.

7-Miasà an-kazotoana isan-ambaratonga, omeo fialan-tsasatra tena izy ny tenanao ary aza ampifangarona ny zavatra rehetra!

8-Ekeo ,tiavo mihoatra ny vola ny asanao .Aoka ho matotra @ famehezan-tena izay raisina; hioary ireo olana;omeo asa atolotra mendrika ny fiaraha monina ary manàna kolontsaina mandray andraikitra.

9-Manangana Lapa fa tsy trano heva

10-Tanteraho tsara ,mahaiza maminavina ny hery ilaina @ fanatontosana azy sy ny fahefa manao-nao, tazony ny famehezantena ataonao, vitao hatramin'ny farany.